# *Fanontaniana Sy Valiny Mikasika Ny Genesisy*

Ankehitriny, raha misy olona manana fanontaniana tian'izy ireo hapetraka, nahoana, ento avy hatrany fotsiny izy ireo, aoka hisy ankizy iray hitondra azy na izay tianareo. Na, angamba, raha mahavita hatramin'ny farany isika. . .Izaho—manana eo amin'ny enina eo aho eto eo amin'ny pejy anankiray, ary avy eo eto, avy eo dia manana roa aho etsy.

2 Ankehitriny, izahay. . .tianay ho fantatra. Ny antony anaovanay an'izao dia ny hahitana an'izay ao an-tsain'ny olona, inona no eritreretin'izy ireo. Hitanareo? Ary izany no manao fiangonana iray ho tsara, matanjaka. Ianareo dia tsy maintsy manana an'ireo—ireo fotoana, toy ny hoe tsy maintsy manala an'ireo tsipolitra fotsiny ianareo, fantatrareo, sy ny zavatra rehetra, manaisotra an'ireo—ireo zavatra rehetra hiala amin'ny làlana mba ahafahanareo mandroso tsara. Koa ankehitriny dia izany no antony ananantsika hariva iray matetitetika ho an'ny fanontaniana, dia ny hahafantarana.

3 Ankehitriny, raha misy fanontaniana izay. . .Ankehitriny, amin'ity fotoana ity dia somary nosokafako ilay izy, malalaka be. Dia hoy aho hoe. . .Ankehitriny, nilaza aho fahiny hoe, "Ankehitriny, raha misy olona. . .na inona na inona fotsiny momba ny—ny Soratra; dia valiako. Anontanio ilay izy." (Misaotra anao, rahalahy.) Dia hoy aho hoe, "Na inona na inona fotsiny mikasika ny Soratra; dia valiako." Hitanareo, ary hovalianay izany. Fa izao hariva izao dia hoy aho hoe. . .

4 Fantatrareo, avy eo dia tonga izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Rahalahy Bill," nametraka fanontaniana iray tamiko, "mihevitra ve ianao fa raha—raha—raha *Ranona-sy-ranona* no nanao zavatra *izao-sy-izao*, dia Kristianisma ve izany?"

5 Eny, karazana manery olona iray izany. Fa hoy aho hoe, "Avelao izy ireo hanana an'izany izao hariva izao." Hitanareo, mety tsara izany. Noho izany dia afaka mahita fotsiny isika raha misy fanerena atao.

6 Oh, izaho—izaho—mahatsapa ho tsara marina tokoa aho izao hariva izao. Notapahako ny ahitra ny tolakandro manontolo, noho izany dia mahatsapa ho tena tsara marina tokoa aho, any ivelany ao amin'ny masoandro mahamay.

7 Isika dia manana fi—fivoriana iray ho avy tsy ho ela mihitsy ankehitriny, aza adino. Aogositra ny fahatelo amby roapolo, ao amin'ny Kianjabe any Chicago, hatramin'ny Septambra ny fahadimy. Manantena fotoana lehibe ao amin'ny Tompo isika

any. Ary efa nolazaina hatraiza hatraiza izany ankehitriny, ary ny gazety samihafa rehetra dia mamoaka azy. Ary manantena fotoana iray lehibe isika.

8 Ankehitriny, izaho dia manana iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, heveriko, ao amin'ny pejy anankiray eto. Ary izy rehetra dia karazan'ny mikasika an'ilay zavatra iray ihany, miverina ao—ao amin'ny Bokin'ny Genesisy.

9 Ankehitriny, voalohany ny Genesisy 1:26, na 1:26 ka hatramin'ny 28, no misy an'ilay—ilay olona miaraka amin'ny . . . nanontany izy ireo hoe ho inona izany. Ny amin'ity—ny amin'ity fanontaniana ity . . . Ny tiako lazaina, nametraka an'ilay fanontaniana, mamelà ahy. Ary tiantsika ny hamaky an'izany aloha. Ary ankehitriny, nosoratan'izy ireo eto izany. Raha tianareo ny hanaraka an'izany avy hatrany, dia mety tsara izany. Nanao hoe, "Andriamanitra dia namorona ny olona, lahy sy vavy no Namoronany azy ireo." Hitanareo? Ary avy eo amin'ny manaraka dia manana Genesisy izy, na, izy na izy, ny iray, dia manana Genesisy 2:7, "Nanao ny olona avy tamin'ny vovoky ny tany Izy." Toerana iray hafa izany. Hovakiako izy rehetra ireo, mba ahafahantsika hanangona azy ireo eto mba ahafahanareo hahita. Ankehitriny ny voalohany, ny dingana voalohany amin'ity dia, ankehitriny nanao hoe:

1. **"Andriamanitra dia namorona olona, lahy sy vavy. Namorona ny olona, lahy sy vavy."** Ankehitriny izany dia, heveriko, ny teboka voalohany. **Ankehitriny ao amin'ny Genesisy 2:7, izao no voalaza hoe, "Izy dia nanao,"** (notsipihana) **"fa voalohany dia namorona Izy."** Izy dia nanao arak'izany . . . notsipihany izany. **"Ary Izy dia nanao"** (notsipihana) **"ny olona avy tamin'ny vovoky ny tany, ary nofofoniny fofonaina ny vavorony," sy ny sisa. Ankehitriny, inona ilay fahasamihafana, na aiza ilay fifandraisana ao amin'ireo Soratra eo ambony?**

10 Ankehitriny, ity dia . . . Ankehitriny, raha noraisinareo naoty izany, Genesisy 1:26 ka hatramin'ny 28, ary Genesisy 2:7. Ankehitriny, zavatra iray tena manohina izany, ary izaho—izaho mety tsy . . . Manana ny hevitro manokana ny amin'izany fotsiny aho, noho izany dia omeko anareo fotsiny izany araka ny ahatsapako fa izany ilay izy. Ary raha tsy mifanaraka ianareo, eny, tsara mihitsy izany.

11 Te-hidera an-dRahalahy Neville aho teo amin'ireo valiny tsara izay nomeny an'ireto fanontaniana eto ireto. Ankehitriny, tsara izy ireo.

12 Ankehitriny, ao amin'ity, Genesisy 1:26, Andriamanitra dia nanao ny olona araka ny Endriny Manokana. Ary raha nahamarika ianareo, halaintsika izany mba ahafahanareo mamaky azy, ary 26 . . . Raha te-hamaky miaraka aminay

ianareo, dia faly izahay ho anareo—ny hanaovanareo an'izany, amarino aho.

> *Ary Andriamanitra nanao hoe, Ndao isika hanao olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika: ary aoka izy hanjaka amin'ny trondro ao amin'ny ranomasina,... eo amin'ny* voro-manidina *eny amin'ny habakabaka,... eo amin'ny biby fiompy,...* an'*ny tany, ary eo amin'ny zavatra rehetra izay* mandady *amin'ny tany.*

> *Ary Andriamanitra namorona ny olona tahaka ny endriny, tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy ireo.*

13 Ankehitriny, izany dia...Efa imbetsaka no nandrenesako an'izany niadian-kevitra, ary manerana an'izao tontolo izao, dia tonga ireo adi-hevitra mikasika an'izany. Ankehitriny ao amin'ny Genesisy 2:7, diniho izay Nataony eto. Eny àry, ity Izany:

> *Ary...Andriamanitra nanao ny olona* avy *tamin'ny vovoky ny tany, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; ary lasa fanahy velona ny olona.*

14 Ankehitriny, karazana fanamboarana inona...? Ilay—te-hanontany ilay mpanontany hoe:

> **Inona no fifandraisana ananan'io Genesisy 1:26 io amin'ny Genesisy 2:7?** Namorona olona roa Andriamanitra. **Ary iza ilay olona, ary iza... Inona no fifandraisana ananan'izany? Inona...? Ahoana no ifandraisan'izany ao amin'ny Soratra?**

15 Eny, ankehitriny, raha hanamarika tsara ianareo ankehitriny, ao amin'ny Genesisy 1:26, ndao alaintsika aloha ilay ampahany voalohany. Hoy Andriamanitra hoe, "Ndao Isika." Ankehitriny, "ndao Isika," *isika* dia ny..."Ndao Isika hanao olona araka ny Endritsika Manokana." *Antsika*, mazava ho azy, fantatsika fa miresaka amin'Olona iray Izy, niresaka tamin'ny Vatana iray hafa Izy. "Ndao Isika hanao olona tahaka ny Endritsika Manokana araka ny Tarehintsika, ary aoka izy ireo hanjaka amin'ny biby fiompy an'ny saha."

16 Raha mahamarika ianareo, tamin'ny famoronana, ny zavatra voalohany izay noforonina, mazava ho azy, dia ny hazavana. Raha manaraka ny famoronana hatramin'ny farany ianareo, dia inona ilay zavatra farany noforonina? Lehilahy iray. Ary ny vehivavy dia natao araka ny lehilahy. Eny àry, ny voalohany...Ny zavatra farany izay noforonina, tamin'ny famoronan'Andriamanitra, dia ny olombelona.

17 Fa rehefa nanao ny Olony voalohany Andriamanitra, raha nahamarika ianareo, dia Nataony araka ny tarehin'ny Tenany izy, araka ny endrik'Andriamanitra no nanaovana azy. Ary inona moa Andriamanitra? Ankehitriny, raha afaka mahita isika hoe

inona Andriamanitra, dia afaka mahita isika hoe karazana olona inona no Nataony.

18 Ankehitriny ao amin'ny Masindahy Jaona, ny toko faha-4, ary izaho dia... vakio izany, Jesosy niresaka tamin'ilay vehivavy teo amin'ny... raha te-hamadika ao amin'izany ianareo. Izaho... tsy manana fotoana betsaka, tsy nandray naoty azy ireo mihitsy aho, tsy maintsy naka fotsiny azy tamin'ny alàlan'ny fitadidiana. Ary tadiavo izy ireo ankehitriny, raha afaka mahita azy haingana mihitsy aho. Ankehitriny dia ndao isika hanomboka eo amin'ny toko faha-4, sy ny andininy faha-14:

> Ary *na zovy na zovy no* misotro *an'*ity *rano izay homeko* ho *azy ity dia tsy hangetaheta mandrakizay;* . . . ary ho loharanon'*ny rano miboiboika ho fiainana mandrakizay.*
>
> *Ilay vehivavy* nanao *taminy hoe, Tompoko, omeo ahy izany rano izany, mba izaho* . . . tsy *ho tonga hantsaka.*
>
> *Jesosy* nanao hoe . . . *Mandehana,* ary *antsoy ny vadinao,* . . .
>
> *Namaly ilay vehivavy* . . .

19 Mino aho fa tsy maintsy manomboka ambony kely isika ankehitriny, mba hahitana, hahitana an'izay—izay tiantsika ho hita eto. Angamba tsy izany, angamba mety ho hitako eto ambany eto izany, ary izay tiako ho hita. Ahoana hoe? Andininy faha-23 sy faha-24. Eny àry.

> *Ianareo mivavaka* . . . (izay ilay izy) . . . *Ianareo mivavaka* nefa ianareo *tsy mahafantatra hoe inona: fantatray izay ivavahanay: fa avy amin'ny Jiosy ny famonjena.* (ary marina izany, hitanareo)
>
> *Fa ho tonga ny ora,* . . . *Fa ho tonga ny ora, ary tonga ankehitriny,* izay *ny tena mpivavaka* (Jiosy na Jentilisa) *dia hivavaka amin'ny Ray amin'*ny *fanahy sy ny fahamarinana: satria ny Ray dia mitady ny tahaka an'izany hivavaka aminy.*

20 Ankehitriny, ny andininy manaraka no tiako:

> *Andriamanitra dia Fanahy: ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka aminy amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.*

21 Ankehitriny, raha namorona ny olona araka ny Endriny Manokana sy ny Tarehiny Manokana Andriamanitra, dia karazan'olona inona no Noforoniny? Olona fanahy iray. Ankehitriny, raha hanamarika ianareo, rehefa avy nanao ny famoronana rehetra Izy, sy namorona olona fanahy iray, ny famakiana tsara an'ity ankehitriny (ho an'ilay olona izay nametraka ny fanontaniana) dia hahita an'izao, hoe Andriamanitra dia nanome ho an'ilay olona ny fanapahana ny

biby fiompy sy ny trondro ary ny zavatra rehetra. Fa, tamin'ny Fanaovany teo, dia nanao ny olona araka ny Endriny Manokana Izy mba hitarika ny biby fiompy, hitarika ny bibidian'ny saha, tahaka ny itarihan'ny Fanahy Masina ny mpino mihitsy amin'izao andro izao. Hitanareo?

22 Izy no, amin'ny teny hafa, Adama, ilay olona voalohany teo amin'ny famoronan'Andriamanitra ambany indrindra. Ny famoronana voalohany dia Andriamanitra Izy tenany; avy eo dia avy tamin'Andriamanitra no nivoaka ilay Logos, izay ny Zanak'Andriamanitra; avy eo nivoaka avy tao amin'ilay Logos, izay ny Teny ("Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika."), nivoaka avy tao amin'ny Logos ilay—ilay olona.

23 Oh, manana sary tsara tarehy iray aho ato an-tsaiko ankehitriny, raha afaka manao dia kely miaraka amiko ianareo. Mino aho fa efa niresaka mikasika an'izany aho tany aloha, fa mba hitondrana an'ity eo amin'ny toerana izay hahazoanareo antoka hahita an'izany. Ankehitriny, ndao isika hanao dia kely ary hiverina vetivety. Ankehitriny, aza mieritreritra mikasika ny hoe mahamay toy ny ahoana ny andro, ndao isika hametraka ny saintsika tsara eo amin'izay ho resahantsika sy eritreretintsika ankehitriny.

24 Ndao isika hiverina zato tapitrisa taona talohan'ny hany nisian'ny kintana iray, volana, na inona na inona teto amin'izao tontolo izao. Ankehitriny, nisy fotoana izay tsy nisy na inona na inona teto, izany dia ny mandrakizay sy Mandrakizay fotsiny. Ary ny mandrakizay sy ny Mandrakizay dia Andriamanitra, teo Izy tany am-piandohana.

25 Ankehitriny, ndao isika handeha eto eo amin'ny sisin'ity fefy ity ka hijery sy hahita an'ireo zavatra ireo mitranga.

26 Ankehitriny, "Tsy nisy olona nahita ny Ray na oviana na oviana." Tsy misy olona afaka mahita an'Andriamanitra amin'ny endrika ara-batana, satria Andriamanitra dia tsy amin'ny endrika ara-batana, Andriamanitra dia Fanahy iray. Hitanareo? Eny àry. "Tsy nisy olona nahita ny Ray, fa ny lahitokan'ny Ray irery ihany no nanambara Azy," Faha-1 . . . Jaona, hitanareo.

27 Ankehitriny, fa mariho ankehitriny, tsy misy na inona na inona, misy habakabaka fotsiny. Tsy misy hazavana, tsy misy aizina, tsy misy na inona na inona, toa tsinontsinona fotsiny. Saingy ao anatiny ao dia misy Vatana iray lehibe ivelan'ny voajanahary, Jehovah Andriamanitra, Izay nandrakotra ny habakabaka rehetra an'ny toerana rehetra amin'ny fotoana rehetra. Izy dia avy amin'ny mandrakizay avy amin'ny mandrakizay, Izy no fiandohan'ny famoronana. Andriamanitra izany. Tsy afaka mahita na inona na inona, tsy afaka mandre na inona na inona, tsy nisy fihetsehan'ny atoma iray eny amin'ny

rivotra, tsy misy na inona na inona, tsy misy rivotra, tsy misy na inona na inona, kanefa teo Andriamanitra. Andriamanitra izany. (Ankehitriny dia ndao isika handinika mandritry ny minitra vitsy, ary afaka kelikely . . .) Tsy nisy olona nahita an'Izany, ankehitriny, Izany ilay Ray. Izany no Andriamanitra, ilay Ray.

28 Mariho ankehitriny. Avy eo afaka kelikely dia manomboka mahita Hazavana masina kely aho nanomboka miforona, toy ny boribory kely iray na zavatra, afaka mahita an'izany amin'ny maso ara-panahy fotsiny ihany ianareo.

29 Fa jereo ankehitriny, raha mbola mijery isika, ny fiangonana manontolo ankehitriny. Mitsangana eo amin'ny fefy goavana iray isika, mandinika an'izay ataon'Andriamanitra. Ary ho tonga avy hatrany eo amin'ity fanontaniana eto ity isika dia ho hitanareo hoe ahoana no Ampidirany an'izany.

30 Ankehitriny, tsy nisy olona nahita an'Andriamanitra. Ary ankehitriny, ny zavatra manaraka izay manomboka hitantsika, amin'ny alàlan'ny fijery ivelan'ny voajanaharin'ny maso, dia mahita Hazavana fotsy kely iray isika miforona eo. Inona izany? Izany dia nantsoina, arak'ireo mpamaky Baiboly hoe, "Logos," na "ilay voahosotra," na "ilay hosotra," na ilay . . . araka ny saika nolazaiko, ilay—manomboka mivoatra mankany amin'ny zavatra iray ilay ampahan'Andriamanitra mba ahafahan'ny olombelona hanana karazana hevitra hoe inona Izany. Izany dia kely, ambany . . . Hazavana kely iray, mihetsika. Izy . . . Izany no Tenin'Andriamanitra.

31 Ankehitriny, Andriamanitra Izy tenany no niteraka an'ity Zanaka ity izay efa talohan'ny nisian'ny atoma iray mihitsy aza tao amin'ny . . . na rivotra hanaovana atoma iray. Izany dia . . . Hitanareo, hoy Jesosy hoe, "Omeo voninahitra Aho, Ray, amin'ny voninahitra izay Nananantsika talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Hitanareo, tany aoriana tany.

32 Ankehitriny, ao amin'ny Masindahy Jaona 1, hoy Izy hoe, "Tamin'ny voalohany ny Teny." Ary ny voalohany . . . "Ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Andriamanitra maneho ny Tenany, hatrany amin'ny olombelona iray. Diniho ankehitriny hoe ahoana no Nanaovany an'izany.

33 Ankehitriny, miverina eo, arak'izany, rehefa tonga ity boribory kely ity. Ankehitriny, tsy mbola afaka mahita na inona na inona isika, fa amin'ny mason'ny ivelan'ny voajanahary fotsiny no ahitantsika boribory iray mitsangana eo. Ankehitriny, izany ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Logos. Ankehitriny, afaka mahita Azy milalao tahaka ny ankizy kely iray aho, eo anoloan'ny varavaran'ny Ray, miaraka amin'ny Mandrakizay rehetra. Hitanareo? Ary, ankehitriny, avy eo ao amin'ny fanamboarana Fisaintsainany dia nanomboka mieritreritra

an'ireo zavatra hisy Izy, ary toa reko Izy manao hoe, "Aoka hisy mazava."

34 Ary rehefa nanao Izy, dia nipoaka ny atoma iray ka tonga tamin'ny fisiana ny masoandro. Nihodina nandritra ny anjatony tapitrisa taona izy, nanamboatra tain-drendrika, ary nirehitra, ary lasa tahaka azy androany; mbola mirehitra foana, mbola manapoaka atoma foana. Raha hany havotsotra ny baomba atomika, ilay fitohizana atomika dia ho naka. . . ity tany ity dia ho tahaka ny masoandro, any, hipoaka sy hirefotra fotsiny. Raha afaka hitsangana any amin'ny kaontinanta hafa ianareo ka mijery an'ity, dia ho toy ny masoandro hafa iray izy, izay nandoroan'ny atoma an'ity tany ity, raha hany havotsotra ilay fitohizana ka manomboka mihodina fotsiny izany, mihodinkodina tahaka an'izany. An-tapitrisany sy an-tapitrisany maily no tratran'ireo lelafo goavana izay an-davitrisany Fahrenheit, ny—ny—ny hafanana mivoaka avy amin'io masoandro io.

35 Ankehitriny, diniho ity ankehitriny. Tsara tarehy! Ankehitriny, Izy no nanao ny masoandro. Ary avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, tain-drendrika goavana iray no nilatsaka avy tamin'izany, nilanja saiky. . . saiky tahaka an'ity tany ity mihitsy, nanao hoe "Spih!" Avy eo ity Logos eto ity ankehitriny, ilay Zanak'Andriamanitra, dia mandinika an'izany, Avelany milatsaka mandritry ny zato tapitrisa taona izany ary Ajanony izany. Avy eo dia manidina ny iray hafa, ary Avelany (nanidina) milatsaka mandritry ny an-tapitrisany taona izany, avy eo dia Ajanony izany. Ankehitriny, mitsangana isika, mandinika an'izany tonga amin'ny fisiana.

36 Ankehitriny, manana zavatra Izy ao an-tSainy, ary inona no Ataony? Manoratra Ny Baiboliny voalohany Izy. Ny Baiboly voalohany izay nojeren'ny olona dia ireo kintana, ny zodiaka. Ary izany dia tanteraka. . . fotsiny. . . Mitovy amin'ity Baiboly eto ity izany. Manomboka izany, ny voalohany amin'ny zodiaka dia ny virijiny. Marina ve izany? Ny farany amin'ny zodiaka dia inona? Leo, ny liona. Izany no Fihavian'i Jesosy voalohany, tonga tamin'ny alàlan'ny virijiny iray Izy; ny faharoa, dia tonga tahaka ny Lionan'ny fokon'i Joda Izy. Hitanareo? Nanoratra an'izany rehetra izany, ny taonan'ny foza, ary ny zavatra rehetra hatramin'ny farany. Ankehitriny, Napetrany teny amin'ny lanitra izany rehetra izany ary naparitany. Ireo meteorita rehetra ireo, sombin-tany, na masoandro, mihantona eto.

37 Ankehitriny, rehefa mandeha mitady an'ireo balafomanga izay milatsaka ny siansa, tsy hoe tsy manaporofo an'Andriamanitra izany, manaporofo an'ilay izy fotsiny izany amiko. Hitanareo, manao an'ilay izy ho mbola tena misy izany. Ankehitriny, mariho ankehitriny, ireo balafomanga rehetra mihantona eo ireo lavitra an'io masoandro mahamay io, ary mivoaka eny amin'ny rivotra, mazava ho azy, nangonin'izy ireo.

Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nanomboka lasa ranomandry iray fotsiny izany.

38 Ankehitriny, izany dia ity tany ity tonga amin'ny fisiana, singana tain-drendrika goavana iray fotsiny izay niendaka avy tany. Ao ambaniny ankehitriny dia tsy misy afa-tsy volokano mihodinkodina, mirehitra, tanteraka, tonga hatraiza hatraiza ireo fipoahana, volokano. Ary ny siansa dia milaza fa—fa ity izao tontolo izao ity, ilay kitaontaona eo an-tampony, izay iainantsika, dia tahaka an'ilay hoditra eo amin'ny paoma iray fotsiny. Ary ny rehetra . . . Ankehitriny, misy dimy arivo sy roa alina maily manodidina, ilay izy angamba dia valo arivo maily (izany dia ho valo arivo maily eo ho eo) ny hateviny. Ary eritrereto fotsiny, ny ao anatiny, dia volokano mirehitra izany.

39 Ary ny roa ampahatelon'ny tany, mihoatra ny roa ampahatelon'ny tany, dia ao anaty rano; ary ny iray ampahatelony dia tany, saiky ny iray ampahatelony. Ary ity kely ity, ity kitaontaona izay iainantsika ity, dia feno zava-mipoaka mampidi-doza izy, entona, lasantsy, solika, ny zavatra rehetra. Marina ve izany? Ary ny roa ampahatelon'izany, mihoatra ny roa ampahatelony, rano. Inona no rakipohin'ny rano? Ampahany roa an'ny hydrogène ary ampahany iray an'ny oxygène, zava-mipoaka.

40 Misy herinaratra betsaka ao amin'ny efitra tsirairay hanasaraka ny hafanana amin'ny hatsiaka, ary izany dia hanao herinaratra ampy hanapoaka efitra iray. Afaka mametraka atoma betsaka ao anatin'ny baolina golfa iray ianareo hitsoka an'i New York hiala amin'ny tavan'ny tany. Ary avy eo ny olona, mipetraka eo ambonin'ny vilanin'ny helo, dia mikapoka ny tratrany ka manohitra ny Tenin'Andriamanitra, ary manao hoe, "Tsy misy izany toerana hoe helo izany." (Noraisiko naoty kely izany eto, ary ho tonga eo amin'izany isika, hitanareo.) Mipetraka eo ambonin'ny vilany goavana iray an'izany ianareo isan'andro. Ary raha mbola eto ianareo dia mipetraka eo ambonin'izany mihitsy, ary ny helo dia eo ambaninareo mihitsy.

41 Ary ankehitriny, mariho, fa ankehitriny rehefa hita voalohany izany, rehefa Jesosy . . . Diniho ankehitriny ilay boribory kely any. Ankehitriny dia toa hitako Izany mandeha manketo amin'ity tany ity ka mipetraka eo an-tampony ary manomboka mamindra azy eto akaikin'ny masoandro. Izany dia tsy misy afa-tsy vongana gilasy goavana iray. Ary rehefa manomboka miempo izy, amin'izay fotoana izay dia manomboka miendaka any amin'ny faritra avaratra ireo gilasy goavana be ary midina. Ary rehefa vita izany, dia namoaka an'i Kansas sy Texas ary ireo toerana rehetra eo ireo izany, ary nanohy hatrany amin'ny Golfe du Mexique. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, dia feno rano ilay zavatra manontolo.

42 Avy eo, ankehitriny dia tonga ao amin'ny Genesisy 1 isika,

tonga eo amin'ny Baiboly isika ankehitriny, ary avy amin'ny sarintsika ao amin'ny Baiboly. Genesisy 1, "Ny tany dia tsy nisy endrika, sady foana; ary nisy rano teo amin'ny tavan'ny lalina." Marina ve izany? "Ary ny Fanahin'Andriamanitra nanomba teo ambonin'ny rano." Ankehitriny, nampisaraka ny rano Izy, nampiakatra ny havoana sy ny tany sy ny sisa; nanamaina an'izany. Ny zava-maniry sy ny zavatra rehetra, Izy no nanao an'izany. Ary nanao ny volana Izy. Ary nametraka ny sisintaniny, an'ny ranomasina, mba tsy ahafahany mihoatra.

43 Nanao an'ireo zavatra rehetra ireo miaraka Izy, nanao. . .?. . .Nanao ny zavatra hafa rehetra, ny fiainambiby rehetra, ny vorona, ny tantely, ny gidro, ary na inona na inona izany, nametraka an'izany rehetra izany teto an-tany. Ary avy eo Izy dia nametraka an'ity fanontaniana ity ankehitriny. "Ndao Isika" (Iza? Ray sy Zanaka) "hanao olona araka ny Endritsika Manokana."

44 Ankehitriny, raha nisy olona natao zavatra tahaka an'ilay Hazavana masina kely tany, na zavatra tahaka an'izany, dia tsy nety hita Izany (izay Vatana iray ivelan'ny voajanahary). Naneho na nampiseho ny Tenany kely kokoa Izy, mba hanao ny Tenany ho trinite iray amin'ny alàlan'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Ary teo Andriamanitra, nampiseho ny Tenany ankehitriny, hatrany amin'ny hoe "ndao Isika hanao olona," izay ny Zanany, solofo iray avy Aminy, "olona araka ny Endritsika Manokana," vatana iray ivelan'ny voajanahary izy. "Ary aoka izy hanjaka amin'ny biby fiompy any an-tsaha, sy ny sisa."

45 Ankehitriny, ny olona no nitarika ny olona. . .nitarika ny—ny biby fiompy sy ny zavatra rehetra, tahaka ny itarihan'ny Fanahy Masina fotsiny an'ilay tena mpino, marina amin'izao andro izao. Ny Feon'Andriamanitra tany. . .Ny feon'olona, raha ny marina, dia afaka niteny sy nilaza. . .niantso ny biby fiompy amin'*ity* làlana ity, niantso ny ondry ho amin'*ity* kijana ity, niantso ny trondro ho amin'*ity* rano ity. Hitanareo, nanana fanapahana izy, nankatò azy ny zavatra rehetra.

46 Ankehitriny, fa tsy nisy olona hiasa ny tany tamin'izany, Genesisy 2, tsy nisy olona hiasa ny tany. "Ary avy eo Andriamanitra dia nanao ny olona" (Genesisy 2:7) "avy tamin'ny vovoky ny tany." Ankehitriny Izy dia nanaraka. . .Nanao ny olona avy tamin'ny vovoky ny tany Izy, ary nametraka an'io Fanahy ivelan'ny voajanahary io. . .

47 Ankehitriny, nandry teo izy. Afaka manana sary maro mikasika an'izany aho. Toa hitako i Adama nitsangana. . .Ndao alaintsika *ity* fomba ity, mahita azy mitsangana tahaka ny hazo iray. Andriamanitra no nanao azy. Efa maty arak'izay mety naha-izy azy izy; ny rantsan-tongony, tahaka ny faka, miraikitra amin'ny tany. Ary hoy Andriamanitra hoe, "Aoka hisy," na nanisy fofonaina tao anatiny, dia nitsambikina izy, ka

nahatsiaro tena. Izy dia ny . . . Nitsoka fofonaina tao anatiny, lasa fanahy velona iray izy. Ankehitriny, ary manomboka mandroso izy, mandroso.

48 Ary avy eo Andriamanitra dia naka avy tamin'ny tehezany sombiny iray avy taminy, taolan-tehezana iray, ary nanao vehivavy iray. Ankehitriny, taiza no Nakàny an'ilay fanahy, vehivavy? Hitanareo? Rehefa Izy . . . Genesisy 1:26, hoy Izy hoe, "Ndao isika hanao olona araka ny Endritsika Manokana, araka ny Antsika Manokana—tarehintsika Manokana, no Namoronany azy ireo (ny olona) lahy sy vavy." Nanao an'ilay fanahy mahery ho an'ny lehilahy Izy; nanao an'ilay fanahy vavy malefaka, kely, marefo, ho an'ilay vehivavy Izy.

49 Ary rehefa mahita vehivavy iray mihetsika tahaka ny lehilahy iray ianareo, dia niala tamin'ny toerany izy, hitanareo, tany amin'ny fiandohana. Hitanareo? Eny àry. Izy dia natao . . . Heveriko fa henatra iray ny nanarian'ireo vehivavy ny toerany malefaka, an'ny vehivavy. Fahafaham-baraka izany. Teneniko aminareo, fa izany ilay izy. Izany dia . . . Fantatrareo, ho lazaiko ity. Ankehitriny, tsy miresaka mikasika anareo vehivavy eto aho. Fa, mazava ho azy, raha mandratra ilay izy, dia mandratra fotsiny izany. Fa, jereo, mamelà ahy hanontany zavatra aminareo. Taloha ny vehivavy dia tena vavy hany ka raha nandeha niresaka tamin'izy ireo ny lehilahy iray dia niteramena izy ireo. Hah! Inona ny miteramena, na ahoana na ahoana? Efa ela no tsy nahitako an'izany ka tsy fantatro akory aza hoe inona izany raha niteramena ny vehivavy iray. Tsy manana an'izany fahamendrehana izany intsony izy ireo, io fanahy vavy mahafinaritra rehetra eo io. Izy ireo fotsiny . . . Izy ireo dia afaka . . . Hitafy akanjo tahaka ny lehilahy iray izy ireo, hanapaka ny volony tahaka ny lehilahy iray, hifoka tahaka ny lehilahy iray, hisotro tahaka ny lehilahy iray, hingoso tahaka ny lehilahy iray, handatsa-bato tahaka ny lehilahy iray, hiasa tahaka ny lehilahy iray, noho izany, dia lasa masiaka, matanjaka. Oh, oadray! Izany no maneho hoe tonga hatraiza ianareo. Marina tokoa izany.

50 Izany mitovy amin'ny ramatoa kely izany, dia tsy mahita azy betsaka intsony ianareo, olona iray sarotra hita izy. Tsy marina ve izany? Eny, izany no fahamarinana. Noho izany ny vehivavy iray dia tsy tokony hitsangana ka hihetsika tahaka ny lehilahy iray, goavana sy matanjaka, satria malefaka izy. Andriamanitra no nanao azy tahaka an'izany. Afaka manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra aho. Eny, tompoko. Marina izany. Ary . . .

51 Fa, mazava ho azy, miala amin'ity fanontaniana ity isika, saingy tsy te-hiala be loatra amin'ity fanontaniana ity aho. Fa, hitanareo, teo no Nanaovany ny Olony voalohany, dia araka ny Endriny Manokana.

52 Ary avy eo, Andriamanitra, talohan'ny nisian'ny kintana iray mihitsy aza, dia nahafantatra fa hisy ity izao tontolo izao ity. Ary Fantany fa izaho dia ho William Branham izay mitory ny Filazantsara eo amin'ny polipitra ary ianareo dia ho *John Doe* mipetraka eo mihaino an'Izany, talohan'ny hany nanombohan'izao tontolo izao. Haleloia!

53 Ankehitriny, eo no misy ny olona indraindray, ao amin'ireo—ireo mpanaraka lalàna sy ny Kalvinista, mikorontana tanteraka. Hitanareo? Hoy izy ireo hoe, "Nahoana ny sasany no voatendry ho very?" Tsy sitrak'Andriamanitra ny hisy anankiray ho levona. Tsy Tiany hisy anankiray ho levona, kanefa, amin'ny maha-Andriamanitra, dia Fantany fa misy ny sasany izay tsy hanaiky an'Izany. Hitanareo? Hitanareo, Izy dia . . . Tsy maintsy nahafantatra ny farany hatrany amin'ny voalohany Izy mba ho Andriamanitra. Sa tsy izany Izy?

54 Noho izany dia Fantany fa hanana vehivavy sasany Izy, noho izany dia Nataony teo mihitsy ny fanahin'izy ireo. Nilaza ny Baiboly fa Izy dia nanao, ao amin'ny 1, Genesisy 1:26, "Izy no namorona azy, ny olona," tao amin'ny endrika mialoha, "lahy sy vavy." Amena. Hitanareo? Tao amin'ny endrika mialoha iray, dia nanao ny vehivavy sy ny lehilahy Izy talohan'ny hany nanaovana azy ireo avy tamin'ny vovoky ny tany.

55 Ary avy eo Andriamanitra dia nanao ny olona, fa tsy araka ny Endriny Manokana. Ity vatana ity dia tsy araka ny endrik'Andriamanitra, ity vatana ity dia araka ny endrikin'ny bibidia.

56 Afaka manala ny palitaoko ve aho? Manomboka mahamay eto. Nanao lobaka rovitra aho, saingy tsy hanamarika an'izany ianareo. Niteny tamiko ny vadiko fa tsy tonga i Jesse ka naka ny lamba ho sasana, noho izany . . . Saingy, jereo, eo amin'ny lohahevitra iray isika eto ankehitriny izay midika betsaka noho ny lobaka rovitra iray eo amin'ny polipitra. Sa tsy izany? Midika Fiainana Mandrakizay izany.

57 Ankehitriny, jereo ny olona. Fantatr'Andriamanitra tamin'ny voalohany fa hanana lehilahy sy vehivavy Izy, ary Fantany fa ho eto ny Mpamonjy ary tsy maintsy hitondra an'i Jesosy Izy, ary ho voahombo Izy. Ary niteny tamin'ireo mpianatra Jesosy, fony Izy teto an-tany, hoe Izy "dia efa nahafantatra azy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao mihitsy aza," talohan'ny hany nahatongavan'izao tontolo izao ho amin'ny fisiana.

58 Ary Andriamanitra dia nilaza, ihany koa, na i Paoly no niteny, ao amin'ny Galatiana, nilaza fa "Izy no nanendry antsika sy niantso antsika tao Aminy talohan'ny hany nanaovana an'izao tontolo izao." Eritrereto izany! Hoe Andriamanitra . . . Ny olona rehetra izay te-handre an'izay lazain'ny Soratra mikasika an'izany, dia atsangano ny tànanareo. Mifanaraka tsara amin'ilay fanontaniana izany. Miaraha amiko ao amin'ny

Galatiana, ny toko faha-1. Jereo eto. Tsy Galatiana no tiako lazaina, Efesiana no tiako lazaina. Henoy tsara ankehitriny izay nolazain'Andriamanitra, Efesiana 1:

> *Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy nohon'ny sitrapon'Andriamanitra, ho an'ny olo-masina izay any Efesosy, sy ho an'ilay mahatoky ao amin'i* Jesosy Kristy.
>
> *Ny fahasoavana anie* ho *aminareo, sy ny fiadanana, avy amin'Andriamanitra* ilay *Ray, ary avy amin'i Jesosy Kristy Tompo.*
>
> *Isaorana anie Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay* efa *nitahy antsika amin'ny fitahiana ara-panahy rehetra ao amin'ireo toeran-danitra ao amin'i Kristy* Jesosy:

59 Ankehitriny, ity ilay izy, mariho:

> *Araka ny* efa *nifidianany antsika tao aminy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao,* . . . (fioo!)

60 Toa tsara izany. Sa tsy izany? Tsy toa tsara izany, tena tsara izany! Talohan'ny nisian'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa fantatr'Andriamanitra i Orman Neville ary efa fantany fa hitory ny Filazantsara izy. Tsy mahafinaritra ve izany? "Efa nifidy . . ." Nahoana, mambra iray an'ilay Fiangonana izy, ary efa fantatr'Andriamanitra fa hanana an'io Fiangonana io Izy. Ary hoy izy, Paoly miresaka amin'ny fiangonan'i Efesosy, nanao hoe, "Izy no efa nifidy antsika tao Aminy." Ankehitriny, isika rehetra dia mambra an'ilay Vatan'i Kristy. Marina ve izany? Ary Andriamanitra, talohan'ny hany nanaovana an'izao tontolo izao, dia efa nifidy ahy sy anareo tao Aminy talohan'ny hany nanaovana an'izao tontolo izao. Fioo! Oadray! Tsy mahafinaritra ve izany?

61 Ankehitriny, ny olona voalohany, ankehitriny, nanao ny olona voalohany araka *Ny* endriny Izy, ary eo am-piverenana mankany amin'io sary io isika, marina izany, mankany amin'ny endritsika voalohany noforonina.

62 Rehefa namorona ahy Andriamanitra, William Branham, dia efa nisy aho talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, Izy no nanao ny tenako, ny fanahiko. Tsy nahatsiaro na inona na inona aho araka ny fahafantarako azy, fa ny . . . Efa teo aho. Oh, izaho—tsy mino aho fa azonareo ilay izy. Fa ankehitriny, iray minitra fotsiny, niteny tamin'ireo mpianatra Jesosy fa Izy "dia efa nahafantatra azy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao," ary Paoly eto dia nilaza fa "Izy no efa nifidy antsika tao Aminy talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao." Ankehitriny, efa nisy ampahako iray, Orman Neville, sy ny sisa aminareo rehetra eto, izay tao amin'i Kristy Jesosy talohan'ny hany nanombohan'izao tontolo izao. Ary ity ny fanadihadiako mikasika an'izany. Heveriko fa ny

olona amin'izao andro izao izay azon'io Fanahy io, na ilay fanahy, ampahany amin'ireo vatan'anjely ireo, ireo fanahy izay nihodinkodina niala tamin'Andriamanitra, izay tsy lavo mihitsy tany amin'ny voalohany ary nanohitra ny laingan'ny devoly tany An-danitra.

63 Ary ny roa ampahatelon'ny tany dia ao anatin'ny fahotana, ary mihoatra noho izany aza, satria roa ampahatelon'ny anjely no noroahina. Ary miditra ao anatin'ny olona ireo fanahin-demony ireo ka mipetraka ao anatin'ny vatany. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Demonia izy ireo izay fahiny. . . efa nisy izy ireo fahiny ary niditra tao anatin'ny olona ka manome azy ireo natiora iray. Jesosy dia nandroaka fito tamin'izy ireo avy tao amin'i Maria Magdalena. Avonavona, fisehosehoana (olona goavana, hitanareo), tsy madio, maloto, vetaveta, fifandrafiana, fifandirana. Ireo zavatra rehetra ireo, hitanareo.

64 Izy ireo dia fanahy izay noforonina tany aoriana tany rehefa nanomboka nanao ny olona avy teo Andriamanitra araka ny Endriny Manokana. Namorona an'ireo vatana ivelan'ny voajanahary ireo, ireo fanahy ireo.

65 Ary avy eo dia Napetrany tao amin'ny vovoky ny tany ny olona, dia ilay olona voalohany, Adama. Ary io olona io dia natao araka ny endrika, ity olona eto ity, dia natao araka ny endriky ny biby iray. Natao araka ny endriky ny biby ireto vatan'olombelona ireto.

66 Manana tànana iray tahaka ny gidro iray mihitsy isika, ary—ary manana tongotra iray tahaka ny bera iray. Makà zana-bera kely iray, endaho izy, esory hiala aminy ny hodiny ary apetraho eo mitsangana eo akaikin'ny zaza vavy kely iray dia jereo ilay fahasamihafana. Hah! Rahalahy, azo antoka fa tokony hijery akaiky ianareo. Ilay rafi-batana manontolo, ilay toe-batana, dia saiky mitovy, ny fomba nanaovana azy sy ny endriny, ary ny zavatra rehetra dia mitovy marina tokoa. Araka ny endriky ny fiainam-biby izany satria natao zavatra teo amin'ny laharan'ny biby izy, satria izany no adidiny hitarihana ny biby.

67 Ary raha esorinareo hiala amin'ny olona iray ny Fanahy Masina, dia ambany kokoa noho ny biby izy, ratsy kokoa noho ny biby. Zavatra iray mafy ho lazaina izany. Fa alaivo ny olona iray izay tsy nohavaozina tao an-tsainy, tsy misy Fanahy Masina hitarika ny eritreriny, ary—ary ireo zavatra tahaka an'izany, dia hanongotra zazakely iray avy eo an-tànan'ny reny iray izy ary hanolana azy nohon'ny fitsiririritam-biby. Marina tokoa izany.

68 Ary ny vehivavy iray izay tsy tsara. Maka renin-kisoa antitra iray na alika antitra, nomentsika azy ireo karazana anarana rehetra ho. . . Fa ny fitondran-tenany dia ho an'ny zanak'alikany fotsiny, ary ny kisoa ho an'ny zana-kisoany, fa ny vehivavy ratsy tsy misy vidiny dia tahaka mihitsy. . . maloto foana mihitsy. Marina izany. Noho izany dia tsarovy, fa ianareo dia. . . raha tsy

misy an'i Kristy, ny fitondran-tenanareo dia . . . afaka hilatsaka ambany noho ny alika iray. Marina izany.

69 Ny alika dia tsy mila manao akanjo mba hanarona ny tenany, tsy misy biby hafa. Ny olona no lavo, fa tsy ny fiainam-biby. Saingy, ny fiainam-biby izay eo ambanin'ny olona (ny fiainan'olombelona), dia nampanekena an'izany satria ny olona no mpitari-dàlana azy sy mpitarika azy faratampony. Ary ny bibidia tsirairay an'ny saha dia matahotra olona.

70 Nanontany ahy ny olona iray, indray andro, mikasika ny fihazana, "Matahotra an'izany ve ianao?" Nahoana, ny biby tsirairay izay hany noforonina dia matahotra olona, satria izany dia tsy maintsy avy tany amin'ny fiandohana tany aoriana tany. Hitanareo? Azo antoka fa izany. Raha mihazakazaka ianareo dia hihazakazaka hanaraka anareo izy, marina izany, fa, ny alika iray na zavatra izay tianareo. Eny àry.

71 Fa ankehitriny, mariho ankehitriny, io olona io rehefa tonga teto izy . . . Jereo ankehitriny, eto . . . Hoy ianareo hoe, "Ankehitriny, ahoana ny amin'izany ankehitriny, Rahalahy Branham?"

72 Ankehitriny, eto ianareo no manao an'Andriamanitra hiditra marina tokoa, ary eo anelanelan'ny an'ny Tokana sy ny Trinite dia ho azonareo marina tokoa ilay zavatra izao ankehitriny izao. Jereo ankehitriny! Rehefa nidina Andriamanitra, naneho ny Tenany, naneho ny Tenany mandra-Pahatongany hatreo amin'io olona io. Ankehitriny, ny olona dia tsy nanota tao amin'ny fanahiny, fa tao amin'ny tenany, fitsiriritana, filàna. Ary rehefa nanota izy, dia nanasaraka ny tenany tamin'ny Mpanao azy. Ary avy eo Andriamanitra, ilay Logos, ilay tena Mpamorona azy, dia nidina ary natao araka ny endrik'olona. Ny olona dia natao araka ny endrik'Andriamanitra, ary avy eo izy dia natao tahaka ny endrikin'ny bibidia, ary lavo izy. Ary Andriamanitra dia nidina araka ny endrik'olona, tao amin'i Kristy Jesosy Olona, mba hiaritra fanaintainana. Tsy afaka niaritra fanaintainana tao amin'ny Fanahy Andriamanitra. Ahoana no Ahafahany hiaritra fanaintainana ara-batana tao amin'ny Fanahy? Tsy afaka nanao an'izany Izy. Noho izany dia naneho ny Tenany Andriamanitra ary natao araka ny endrik'olona, mba hanavotra ny olona izay very. Hitanareo?

73 Ary avy eo Andriamanitra dia nijaly tao amin'ny nofo. Timoty Voalohany 3:16, "Iaraha-manaiky mihitsy," izany hoe ady hevitra, "fa lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra. Fa Andriamanitra naseho tao amin'ny nofo, hitan'ny anjely, notoriana, tamin'ny Jent- . . . ary ninoana, ka nakarina ho eo ankavanan'ny Ray." Marina ve izany? Andriamanitra Izy tenany mihitsy no nidina sy niaina tao anatin'ny vatan'olombelona iray ary niaritra fakam-panahy. "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, nampihavana an'izao

tontolo izao tamin'ny Tenany." Hitanareo ve hoe inona ny fitiavana? Ny Fitiavan'Andriamanitra!

74 Ankehitriny, ankehitriny, heveriko fa izany no hanazava an'izany, *lehilahy* sy *vehivavy*. Ankehitriny, ny vehivavy iray dia. . . Mamelà ahy hanazava an'ity tsara mihitsy ankehitriny, mba ahafahanareo hahita azy, hitanareo. Ny vehivavy dia manaiky ny vadiny. Ary ny Baiboly no nilaza fa "Ny lehilahy no tokony hanapaka ny vadiny." Saingy ahoana fa novain'izy ireo izany! Ny vehivavy no manapaka ny lehilahy, "Ankehitriny, mijanòna ianao ato an-trano, ry John! Tsy handeha ianao!" Dia milamina hatreo izany, "Eny, malalako." Hitanareo?

75 Fa mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, ramose. Tsy maintsy hamaly ho an'ny vadinareo ianareo, fa ny vadinareo tsy hamaly ho anareo mihitsy. Ianareo no lohan'ny vehivavy, ary Andriamanitra no lohan'ny lehilahy. Noho izany dia hoy Izy hoe, "Aoka ny lehilahy hanapaka ny volony nohon'ny amin'i Kristy. Ary aoka ny vehivavy hanana ny volony, satria raha manapaka ny volony izy dia mahafa-boninahitra ny vadiny." Hitanareo? Hitanareo ve izay tiako lazaina amin'ny alàlan'izay lazain'ny Soratra?

76 Nanana anankiray mahamay aho tao amin'io, indray andro tany Shreveport. Niresaka momba ny vehivavy izy ireo, ary tokony hanao volo lava ny vehivavy. Dia hoy aho hoe, "Ny vehivavy iray nanapaka ny volony, ny vadiny dia nanana zò ary zò ara-Baiboly hisaraka aminy." Marina izany. Izany no lazain'ny Baiboly. Marina tokoa izany. Oh, oadray! Ireo vehivavin'ny Fanahy Masina izay mipetraka eo, tahaka an'izany mihitsy no nampianarina azy ireo, izay ihany. Hitanareo? Izao fotsiny, niala tsy voafehy izany.

77 Hoy izy hoe, "Ankehitriny, raha manapaka an'izany izy ireo, raha misy zavatra tsy mety izay tsy maintsy hanapahany ny volony," hoy izy, "dia aoka izy haka hareza ka hanaratra azy rehetra," ary manao ny volony ho tena malama, mandra-pahatongan'izany hiala amin'ny lohany. Marina izany. Izany no nolazain'ny Soratra. Izao no voalaza hoe, "Raha manapaka volony izy, dia mahafa-boninahitra ny vadiny. Ary ny vehivavy izay mahafa-boninahitra dia manana zò ara-dalàna ho roahina sy hisarahana." Saingy, tsy afaka manambady indray izy, ankehitriny. Fa izy—fa afaka mandroaka azy amin'ny fisaraham-panambadiana izy. Marina izany. Izany no Soratra. Oh rahalahy, ny ilaintsika dia hariva vitsivitsy ho an'ny fanontaniana! Marina izany. Izany no Korintiana Voalohany, ny toko faha-14, raha tianareo ny hamaky an'Izany. Eny àry. Ankehitriny, izany—izany. . . Ankehitriny, ity vehivavy ity. . .

78 Andriamanitra—Andriamanitra no namorona ny olona, lahy sy vavy. Hitanareo ve izay Nataony? Nanao ny olona Izy. Izy no nanao. . . Ankehitriny, izany ilay fanontaniana voalohany,

hitanareo, "Izy no namorona azy ireo," sy ny sisa, Genesisy 1:26. Genesisy 2:7, "Izy no nanao azy ireo avy tamin'ny vovoky ny tany ary nofofoniny fofonaina ny vavorony."

**Inona ilay fahasamihafana, na—na aiza no misy an'io fifandraisana io ao amin'ny Soratra eo ambony? Inona no ifandraisan'ilay olona voalohany amin'ilay olona faharoa?**

79 Ilay olona voalohany dia ilay olona faharoa tonga voaseho tao amin'ny taovam-panamboloana dimy. Hitanareo? Izao ankehitriny izao ianareo dia tsy afaka—ianareo dia tsy afaka mikasika an'Andriamanitra amin'ny tànanareo tahaka an'*izao*, tsy afaka mahita an'Andriamanitra amin'ny masonareo ianareo. Tsy Nomeny anareo izany mba hanaovanareo an'izany. Ianareo dia . . .

80 Efa mba nandre olo-masina antitra iray maty ve ianareo, rehefa nilaza izy ireo hoe, "Io i neny, efa an-taonany maro no tsy nahitako azy"? Efa mba nandre an'izany ve ianareo rehefa ny olona . . .? Hitanareo, inona izany, ireto maso ireto dia mihamanjavona ary ireo maso ivelan'ny voajanahary no miditra. Hitanareo? Ary avy eo indraindray isika raha, raha manao an'izany Andriamanitra, dia mahita fahitana isika rehefa mihamanjavona ilay maso ara-boajanahary. Eo anoloantsika mihitsy, dia mijery mahitsy tsara isika, ary misy fahitana eo anoloantsika maneho an'ireo zavatr'Andriamanitra ivelan'ny voajanahary. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

81 Koa noho izany, jereo, "Rehefa ity tabernakelin'ny tany eto ity . . ." Ankehitriny, miha-antitra ny sasany aminareo vehivavy sy lehilahy eto. Jereo, "Rehefa ity an'ny tany ity . . ." Mieritreritra an'i dada antitra any aho, roa amby sivifolo taona. "Rehefa ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia misy olona ara-panahy iray, vatana ara-panahy iray miandry antsika izay tsy mety levona." Hahita anareo aho any. Handeha aho eo . . .

82 Tsy afaka hikasika an-dRahalahy Neville aho any—any ambony, satria nahita azy ireo i Jaona ary fanahy teo ambanin'ny alitara izy ireo, niantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana, Tompo, mandra-pahoviana?" Fantatrareo hoe nahoana, efa nandalovantsika ny Apokalypsy. Ary ahoana fa tao anatiny tao dia naniry ny hiverina sy ho tafiana amin'ny vatana mety maty izy ireo. Niantsoantso izy ireo hoe, "Mandra-pahoviana, Tompo?"

83 Ankehitriny, nifankahalala izy ireo, saingy tsy afaka niresaka sy nifandray tànana, na, heveriko fa afaka niresaka izy ireo, saingy tsy afaka nifandray tànana sy ny sisa. Ity ny sary hanaporofoina an'izany. Rehefa niantso ny fanahin'i Samoela ilay mpamosavivavin'i Andora, dia nijery azy i Saoly ka fantany fa Samoela izy. Ary Samoela nahalala an'i Saoly ka nanao hoe, "Nahoana ianao no niantso ahy hiala tamin'ny fitsaharako, nefa efa tonga fahavalon'Andriamanitra ianao ka efa niala taminao

Andriamanitra?" Marina ve izany? Ary nitsangana teo Samoela antitra nitafy ny fitafian'ny mpaminaniny, ary nijery azy izy. Tao anatin'ny fitafiana iray izy.

84 Nahita azy ilay mpamosavivavy ka nianjera tamin'ny tany, nanao hoe, "Mahita andriamanitra mitsangana avy amin'ny tany aho."

Hoy izy hoe, "Nahoana ianao no manelingelina ahy?"

Dia hoy izy hoe, "Eny, tiako ho fantatra hoe ahoana no fandehan'ny ady."

85 Hoy izy, "Rahampitso dia ho faty ao amin'ny ady ianao," ary ny zananilahy ho faty, "ary rahampitso hariva amin'ny ora toy izao dia hiaraka amiko ianao." Hitanareo? Ankehitriny, nahatsiaro tena izy, ary nitovy tahaka azy fony izy tety an-tany mihitsy izy, tamin'io mpamosavivavy izay nitsangana io, nijery azy, sy Saoly.

86 Ankehitriny, mariho. Matetika . . . Ahoana ny amin'i Dada na i Neny rehefa teo am-pahafatesana izy ireo ka nahita an'ireo malalany nitsangana tany? Nahafantatra azy ireo izy ireo. Saingy ao amin'ny vatana ivelan'ny voajanahary izany.

87 Fa ankehitriny dia ity ilay ampahany be voninahitra. Amin'ny fiverenan'i Jesosy amin'ny fitsanganana, dia tsy ho ity vatana ity izany. Io vatana io amin'izany, io vatana ivelan'ny voajanahary izay noforonin'Andriamanitra tany amin'ny voalohany io, no hiverina eto an-tany mba handray vatana iray hafa, tsy nateraky ny vehivavy, fa noforonin'Andriamanitra (Haleloia!), mba tsy ho antitra na hanana fikentronana intsony, tsy misy volo fotsy intsony eo amin'ny lohanareo, fa ho tanteraka, mandrakizay! Haleloia! Oh rahalahy, hanao ahy hihiakiaka amin'ny hariva mahamay iray izany! Marina izany! Oh, "halatsako ity akanjon'ny nofo ity, ary hitsangana ka handray an'ilay loka mandrakizay!" Inona marina no tokony hatahorantsika?

88 Izany ilay drafitra manontolo mipetraka eo mihitsy, ahoana no namoronan'Andriamanitra ahy tany amin'ny voalohany. Nidina teto an-tany aho, naka ny toerako amin'ny mahampitory Filazantsara iray, na ianareo amin'ny maha-lehilahy na vehivavy miaraka amin'ny famonjena, miaina ny fiainana isika nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra. Haleloia! Ary io fanahy iray ihany izay miala eto io no tany aoriana tany tamin'ny voalohany. Hiverina amin'ny fahatsiarovan-tena aho amin'ny fahafantarana fa teto aho, (Haleloia!) ary avy eo dia miandry any eo ambanin'ny alitara, voatahy mandrakizay, ao amin'ny fitsaharana. Ary avy eo rehefa miverina indray, dia mandray ny vatako amin'ny tena endriny tsara indrindra aho, talohan'ny hany namelezan'ny fahafatesana azy.

89 Ny fahafatesana dia mamely anareo eo amin'ny roa amby roapolo na telo amby roapolo taona, manomboka

mihamalemy ianareo. Tsy ianareo ilay lehilahy taloha sy ilay vehivavy taloha, rehefa tonga eo amin'ny dimy amby roapolo eo ianareo, misy zavatra mipetraka. Manomboka tonga eo ambanin'ny masonareo ireo fikentronana. Tsy afaka misasa tahaka anareo taloha ianareo. Telopolo, afaka mahamarika betsaka an'izany ianareo. Miandrasa mandra-pahatonganareo eo amin'ny efatra amby efapolo taona, tahaka ahy, amin'izay fotoana izay dia hahamarika an'izany marina tokoa ianareo. Fa, Oh rahalahy! Miandrasa mandra-pahatonga ahy valopolo, sivifolo, ary eo amin'io tehina io, mitsangana eo. Inona izany? Nametraka ahy teo amin'ilay hazakazaka fotsiny Andriamanitra mba hihazakazaka. Fa amin'ny andro iray be voninahitra… Mipetraka io fahafatesana io.

90 Mahitsy soroka aho taloha, nanana volo mainty (ary loha iray feno an'izany), ary tsy nisy fikentronana teo ambanin'ny masoko; fa jereo aho ankehitriny, mihamifintina, milatsaka ny soroka, mihamatavy, ary fikentronana eo ambanin'ny masoko, sola loha. Nahoana, jereo izay ataon'ny fahafatesana amiko tao anatin'ny roapolo taona lasa. Ny fahafatesana no manao an'izany. Miandrasa mandra-pahatonga ahy valopolo, raha avelan'Andriamanitra ho velona aho, dia jereo hoe mitovy amin'ny inona aho, mitsangana tahaka an'izao eo amin'ny tehina tranainy iray, mangovitra tahaka an'*izao* any ho any. Fa, haleloia, amin'ny andro be voninahitra iray, dia haka ny lakolosim-patiny tanteraka ny fahafatesana. Ary rehefa mitsangana amin'ny fitsanganana aho dia ho izay naha-izy ahy aho, izay nanaovan'Andriamanitra ahy teto an-tany tamin'ny tsarako indrindra, ao amin'ny vatana iray tsy nataon-dRtoa. Branham sy Atoa. Branham, fa noforonin'Andriamanitra Izy tenany; afaka amin'ny fakam-panahy, afaka amin'ny fahotana, afaka amin'ny zavatra hafa, tsy manana aretina intsony, aretim-po. Oh, oadray!

91 Avy eo aho dia handray ny tànan'ny vadiko kely ary handeha hitety ny Paradisan'Andriamanitra tahaka an'izany, indray. Hanao an'ilay zavatra iray ihany ianareo. Tsy ilay vehivavy antitra fotsy volo tarihinareo izao hariva izao, miantso ny vadinareo, fa ho tsara tarehy mihitsy tahaka azy tamin'ny andro nanambadianareo azy teto amin'ny alitara izy. Haleloia! Fioo! Ampy hanao olona iray hihiakiaka izany. Sa tsy izany? Hitanareo?

92 Eny àry, izany ilay fifandraisana. Tapa-kevitra Andriamanitra. Rehefa manapa-kevitra ao an-tSainy hanao zavatra iray Andriamanitra, dia tsy maintsy misy izany. Nosimban'i Satana io sary io tamin'ny alàlan'ny filàna ara-nofo, tamin'ny alàlan'ny vehivavy, mba hiteraka zanaka. Nosimbainy izany. Noho izany dia mandrosoa ary ataovy ilay izy, mety tsara izany. Ity fonenana ity dia ny haka an'ireo, satria ny zavatra tokana izay ataonareo amin'ity fiainana ity dia ny maka ny

endrikareo sy ny sarinareo, izay maha-izy anareo. Raha mena volo ianareo ankehitriny, dia ho mena volo ianareo amin'izany. Raha mainty volo ianareo ankehitriny, dia ho mainty volo ianareo amin'izany. Hitanareo, izay naha-izy anareo tamin'ny tsaranareo indrindra. Ary raha ianareo . . . Nahaton'i Satana ilay sary, tsy ianareo akory aza . . . Izay nokasain'Andriamanitra haha-izy anareo, dia ho izany ianareo. Oh, be voninahitra toy ny ahoana! Io ilay olonareo.

93 Ankehitriny Genesisy 2. Hono ho'aho, tsy maintsy mandeha haingana aho, halaiko izy ireo. (Manana zavatra ve ianao? Manana ianao? Manana iray ve ianao? Manana azy ireo mba ho valiana?) Eny àry, Genesisy 2:18-21:

**2. Andriamanitra nanao an'i Eva avy tamin'ny taolan-tehezan'i Adama, Genesisy 2:18-21. Nanao lehilahy sy vehivavy ve Andriamanitra, avy eo nanao an'i Adama sy Eva—Eva?**

**3. Ary nandeha nankany amin'ny famoronana marina ny lehilahy sy ny vehivavy ve i Kaina ho an'ny vadiny?**

94 Ankehitriny, ndao isika ankehitriny . . . Izaho tsy . . . Manatrika angamba ilay olona izay nanoratra an'ity. Ankehitriny, rehefa Andriamanitra . . . Ao amin'ilay fanontaniana voalohany eto:

**Namorona lehilahy sy vehivavy ve Andriamanitra, ao amin'ny Genesisy 2:18-21?**

95 Tsia. Izaho—izaho . . . araka—araka ny ho hitanareo eto, 2:18-21 ankehitriny, mariho:

> *Ary hoy ny* Tompo *Andriamanitra hoe, Tsy tsara raha . . . raha ho irery ny lehilahy; hanao* namana *mpanampy iray ho azy aho.*
>
> *Ary avy tamin'ny tany ny* Tompo *. . . no nanao ny bibidia rehetra . . .* sy ny sisa.

96 Ankehitriny, Andriamanitra dia nanao an'i Eva avy tamin'ny tehezan'i Adama. Ny vehivavy dia manana taolan-tehezana iray amboniny androany ao amin'ny rafi-batana sy ny toe-batana noho ny ananan'ny lehilahy, satria nisy taolan-tehezana iray nalaina avy tamin'ny vatan'i Adama. Efa vita i Adama ary efa velona, ary irery, ary avy eo dia hoy Andriamanitra hoe, "Tsy tsara raha hiaina irery io lehilahy io."

97 Noho izany ireto pretra ireto sy ny sisa izay tsy nomena an'ireo zò hanana vady iray. Ankehitriny, izany, ny fiangonana Romana dia afaka manao na inona na inona . . . Izy ireo izany, izy ireo no anankiray izay tsy maintsy mamaly an'izany—an'izany, fa tsy izaho.

98 Eny, izaho dia nanontanian'ny—ny lehilahy iray, vao haingana, hoe, "Inona ny hevitrao?" Pretra iray, nanao hoe, "Ahoana ny hevitrao mikasika an'io pretra tanora eto an-tanàna io izay naka an'io vehivavy io, io zazavavy io, zazavavy iray an'i

Jeffersonville eto, ary nandeha ka nanambady azy?" Ao amin'ny fiangonana Irlandais, tsaroanareo. Adinoko hoe iza no anarany.

99 Hoy aho hoe, "Nanana zò betsaka hanambady tahaka ahy mihitsy izy. Izany marina tokoa no heveriko mikasika an'izany." Hoy aho hoe, "Ny zavatra tokana hazoniko . . . Heveriko fa tsy nety ny nataony, tokony nandeha tany am-piangonana izy ary nametra-pialana tamin'ny asany ary avy eo dia nandeha ka nanambady an'ilay zazavavy, raha tokony nandositra fotsiny tahaka an'izany."

100 Ankehitriny, tsaroanareo rehefa niseho izany herinandro vitsy lasa izay teto Jeff., ilay pretra Katolika Irlandais eto. Lehilahy tanora iray izy, ary nandeha izy . . . manana zazavavy kely iray malalan'ny fo izy eto. Ary rehefa izy . . . Nomen'izy ireo fanati-pitiavana goavana be iray izy, handeha hanova paroasy miaraka aminy, handefa azy any Indianapolis any ho any. Ary noraisiny fotsiny ilay fanati-pitiavana, zazavavy sy ny rehetra, dia lasa ary nanambady, ary tsy nandre ny aminy intsony izy ireo. Eny, nanana zò hanambady izy, saingy tsy nanana zò hanao an'izany. Tsy tokony nanao an'izany izy. Tokony nandeha tany amin'ny—ny fiangonana izy ka nanao hoe, "Indro, mametra-pialana amin'ity asa ity aho amin'ny maha-pretra iray. Hanambady aho, ary milamina hatreo izany."

101 Fa, ankehitriny, Andriamanitra teo am-panaovana an'i Eva, ary—ary Adama sy Eva tamin'ny fotoana iray ihany, ny zavatra tokana Nataony dia ilay ivelan'ny voajanahary, ilay Adama fanahy sy ilay Eva fanahy, ny lehilahy sy ny vehivavy. Avy eo, rehefa nanao Izy . . . nametraka an'i Adama teto, tsy tsara ho . . . Hitanareo, sarin'Andriamanitra miseho amin'ny fotoana rehetra izany. Ny zavatra rehetra tahaka an'izany, ilay izy fotsiny—ilay izy fotsiny dia midina avy hatrany, miseho avy hatrany fotsiny, mivoaka mitety ny Arivo taona any ary mitohy hatrany amin'ny Mandrakizay mihitsy. Ny sarin'Andriamanitra fotsiny miseho mihitsy, Andriamanitra mampiseho ny Tenany.

102 Eto, Andriamanitra dia naneho ny Tenany tao amin'i Kristy Jesosy, mba hanehoana hoe inona Izy. Inona moa Jesosy? Lehilahy ory, zatra fahoriana, tia. Tamin'ny mpivarotena, "Aiza ireo mpiampanga anao?"

"Tsy manana aho, Tompo."

"Izaho koa tsy miampanga anao. Mandehana, aza manota intsony."

103 Reraka sy sasatra tamin'ny fandehanana teo amin'ny telopolo maily tamin'io andro io, nitety ny fasiky ny tany efitra sy ny sisa; nisy vehivavy iray avy any Naina tonga; ary ny zananilahy tokana, maty, nandry teo. Najanony ilay filaharan'ny mpandevina, nametraka ny Tànany teo aminy, nanao hoe, "Mitsangàna." Dia nitsangana indray ilay zazalahy izay efa maty. Izany—izany no Jesosy Tompontsika. (Misaotra

anao, Teddy, anaka.) Ary teo, izany no Jesosy Tompontsika. Tsy reraka loatra mihitsy Izy, tsy sasatra loatra mihitsy nanao zavatra tsara. Eny àry.

Ankehitriny dia ity ny zavatra iray hafa:

**Kaina ve nandeha tany amin'ny—tany amin'ny famoronana voalohany an'ny lehilahy sy ny vehivavy ho an'ny vadiny?**

104 Ankehitriny, izany dia fanontaniana iray tena mila fitandremana, henoy tsara mihitsy ankehitriny. Ankehitriny, oh, izaho dia . . . efa nahita olona ianareo nametraka tao amin'ny gazety hoe, "Taiza no nahazoan'i Kaina ny vadiny?" Oh, efa nilaza an'izany aho taloha.

105 Ary tsy nampianatra mihitsy aho hoe nisy helo iray mirehitra nandritry ny teo amin'ny efa-taona teo taorian'ny fiovam-poko. Tsy maintsy nahita an'izany tao amin'ny Soratra aho. Raha tsy fantatro, dia tsy hilaza na inona na inona mikasika an'izany aho. Hitanareo?

106 Fa, ankehitriny, "Taiza no nahazoan'i Kaina ny vadiny?" Ankehitriny, izany ilay—ilay fanadihadiana an'ity fanontaniana ity ankehitriny. "Ary nandeha tany amin'ny vadiny ve i Kaina nankany amin'ny famoronana ny lehilahy sy ny vehivavy, ho an'ny vadiny?" Hitanareo? Ankehitriny, ankehitriny, ny iray amin'ireo voalohany . . .

107 Ity Rtoa. DeArk ity, ianareo rehetra dia efa nandre mikasika ny fahasitranany indray alina, ahoana no nitahian'Andriamanitra azy sy ny zavatra rehetra. Nandry izy, teo am-pahafatesana, tonga izy ireo tamin'ny roa ora maraina.

108 Ary noho izany, ankehitriny, tahaka an'izany no nahatongavako . . . Ny zananilahy, George, ilay zazalahy dia mpanao fanelanelanana iray, Ed, koa. Tao amin'ny magazay izy ireo, ary nandre resaka iray aho tany, izay nisy ny voalohany . . . izay nahazoan'i Kaina ny vadiny. Eny, ilay nanana fitenenana no toa tsara indrindra tamin'ilay adi-hevitra, hoy izy hoe, "Teneniko aminareo hoe taiza no nahazoan'i Kaina ny vadiny," hoy izy, "Kaina dia nandeha ary nanambady rajako vavy iray goavana be." Ary hoy izy, "Avy amin'io rajako io no mivoaka ny firazanana mainty hoditra." Hoy izy, "Mahamarika ianareo fa ny lohan'ny olona mainty hoditra dia somary maranitra tahaka an'*izao*, tahaka—tahaka ny rajako, eo amin'ny loha."

109 Eny, nitsangana teo aho, vao teo amin'ny roa volana teo fotsiny aho tamin'ny Filazantsara. Hoy aho hoe, "Tsy tehanohitra anao aho ralehilahy, satria tsy mpianatra iray aho, vao avy voavonjy aho. Fa," hoy aho "raha izany no izy, amin'izay fotoana izay dia ho efa nitsahatra tsy nisy ny firazanana mainty hoditra tamin'ny fandringanana talohan'ny safodrano, rehefa noravàna tamin'ny rano izao tontolo izao, satria i Noa sy ny fianakaviany irery ihany no hany tao anaty sambofiara.

Ireo ihany no hany tao anaty sambofiara. Ho nitsahatra tsy nisy ny firazanana mainty hoditra," hoy aho, "raha izany no izy." Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko! Tsy avy teo mihitsy ny firazanana mainty hoditra. Tsia, tompoko. Ny firazanana mainty hoditra dia avy amin'ilay hazo iray ihany izay nihaviantsika, ary ny olombelona rehetra, ilay anankiray ihany." Tsy misy fahasamihafana. Marina tokoa. Isika rehetra fotsiny dia . . . Ny iray dia mety mavo, ary ny iray hafa volontany, ny iray hafa mainty, ary ny iray hafa fotsy, ary ny iray hafa hatsatra, ary ny iray hafa mena, ary tahaka an'izany fotsiny, fa ianareo rehetra dia avy amin'io hazo iray io ihany. Ilay ampahany ara-batana eto fotsiny izany. Marina izany. Olombelona iray ianareo na izany aza, noforonin'Andriamanitra eto.

110 Ary ankehitriny, mariho, teto vao tsy ela akory izay, nitsangana teto aho sy ireo dokotera sasany any Louisville, niresaka mikasika an'i Afrika aho hoe ahoana ireo olona mahantra ireo, ilay karazana mpihinana olona, indrindra, ahoana fa nanana vehivavy iray izy ireo tany, naka zaza kely iray, nahita zaza kely iray, ary—ary nokapohiny tahaka an'izao izy ka nafatony tamin'ny kirihitra iray ary navelany ho lò izy nandritry ny andro vitsivitsy, fantatrareo, mandra-pahatonga azy ho simba alohan'ny hihinanan'izy ireo azy, fantatrareo. Zavatra tahaka an'izany, avelan'izy ireo ho lò vetivety, lasa malefaka.

111 Aza mihevitra fa mikasika betsaka an'ireo mpihinana olona izany. Any Angletera dia manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo, mamono vorombola izy ireo ary ahantony eo amin'ny hazo izy ireo, noho izany vantany vao mihintsana avy amin'izy ireo ireo volom-borona amin'izay fotoana izay dia haniny izy ireo. Izany no razam-ben'ny vahoaka Anglo-Saxon, any Angletera. Marina izany. Ary aza mihevitra . . . Tsy mila mandeha any Angletera ianareo, mandehana fotsiny eto any amin'ireo fanjakana atsimo, dia hahita an'ilay zavatra iray ihany ianareo. Izany tokoa. Ny olona rehetra dia afaka mihinana sifotra na—na bibilava mikorintsana, afaka mihinana zavatra hafa. Noho izany . . . Hia.

112 Mariho ankehitriny, mamelà—mamelà ahy hiteny aminareo. Fa, izao no nitranga. Ny mainty hoditra . . . ny—tsy misy idiran'ny taranaka mainty hoditra amin'izany. Kaina . . .

113 Ankehitriny, tiako ianareo handinika. Nilaza izy ireo fa "Nandeha nankany amin'ny tanin'i Noda izy." Ankehitriny, tao Edena i Kaina. Ary Edena, ny sahan'i Edena, dia nipetraka tany atsinanan'i Edena. Marina ve izany? Ny sahan'i Edena dia tany atsinanan'i Edena, ny ilany atsinanan'i Edena. Ary napetraka ireo Kerobima, ary ilay Hazon'Aina dia teo amin'ny vavahady atsinanana an'ny saha, ary teo no heveriko fa nanaovan'i Kaina sy Abela ny fanatitr'izy ireo. Ary teo no tsy namelan'ireo

Kerobima niaraka tamin'ny sabatra mirehitra azy ireo hiditra intsony, teo atsinanan'ny vavahady!

114 Efa voamarikareo ve, fa ho tonga avy any atsinanana i Jesosy. Miposaka avy any atsinanana ny hazavana. Ny zavatra rehetra dia tonga. . .Nanomboka tany atsinanana ny fandrosoana ary mandeha mankany andrefana, mandra-pihodiny ka miverina amin'ny tenany indray. Isika no Ilabolantany Andrefana. Izany no Tatsinanana, ny Tatsinanana no fandrosoana tranainy indrindra. Chine no fandrosoana tranainy indrindra fantatra, amin'ny alàlan'ireo mpahay tantara, eto amin'izao tontolo izao androany. Atsinanana!

115 Oh, ahoana fa afaka hijanona eo amin'ireto fanontaniana ireto isika mandritra ny ora maro, eo amin'ny anankiray, saingy tsy ho ireo hafa fotsiny izany. Fa mariho, eto dia. . .Firy no te-hahafantatra izay inoantsika mikasika an'i Kaina, taiza ary iza ny vadin'i Kaina? Ndao jerentsika. Eny àry. Ho teneniko aminareo izay nataon'i Kaina, ary izany no valiny matotra azonareo eritreretina: Kaina dia nanambady ny anabaviny manokana. Tsy maintsy izy, satria vavy iray ihany no teto antany tamin'izany; fahaterahana telo fotsiny ihany no ambaran'ny Baiboly, Hama, Sema. . .na tsia. . .Mamelà ahy, dia Kaina, Abela, ary Seta. Fa raha tsy nisy. . .Mahalana ny Baiboly no manambara fahaterahan'ny zazavavy iray. Fantatrareo izany.

116 Ankehitriny, azoko antoka fa manindrona an'ireo vehivavy aho izao hariva izao. Saingy, jereo, izao tontolo izao dia mivavaka amin'ny vehivavy, fa ny vehivavy no fitaovan'ny devoly tany amin'ny voalohany. Ary ny anankiray tsy marina amin'izao andro izao no fitaovana tsara indrindra ananany. Handefa mpitory teny maro kokoa any amin'ny helo izy noho ny tavoahangin-toaka rehetra izay misy eto amin'izao tontolo izao. Avelao ilay jejovavy kely miaraka amin'ny sigara eo amin'ny zoron'ny vavany, ary ny volony miolanolana tanteraka tahaka an'izao, ary volomaso lava goavana be izay mikimpikimpy ambony sy ambany, rahalahy, ny kely. . .karazana vatana tsara tarehy eo aminy, diniho izay hataony.

117 Ry mpitory teny, tsara kokoa aminareo ny manarona ny tenanareo amin'ny Ràn'i Jesosy Kristy. Marina izany. Ankehitriny, aza miteny amiko, lehilahy ianareo! Efa nahita betsaka loatra an'izany aho. Ankehitriny, diniho eto. Ny zavatra tsara indrindra atao dia ny mihazona ny sainareo mifantoka eo amin'i Jesosy Kristy ka mamela ny eritreritrareo hadio.

118 Araka ny nolazain'i Paoly ao amin'izany, nanao hoe, "Izany dia. . .Fantatsika fa manana fahefana hitarika anabavy iray isika. Manana fahefana hanao an'izany aho, saingy" hoy izy "tsy hanao an'izany aho." Hitanareo, tsy te-hanao an'izany izy. Hoy izy hoe, "Fantatro fa ny asam-panompoana dia tokony hivelona

amin'ny—ny . . . Aza manisy fehim-bava ny omby manosihosy ny katsaka."

119 Fantatrareo, mihevitra isika indraindray, satria mpitory teny iray isika . . . (Tsy izaho sy ianareo, tsy izany no lazaiko, rahalahy.) Fa ireo mpitory teny dia mihevitra hoe satria mpitory teny izy ireo dia—dia hoe izy ireo no olona iray goavana kokoa noho ny iray amin'ireo mambra laïka an'ny fiangonana. Tsy goavana kokoa ianareo ary ianareo eo imason'Andriamanitra dia tsy mihoatra noho io mamolava io izay niova fo adiny iray lasa izay.

120 Izany ilay zavatra iray izay tsy nodiovin'ny fanavaozana mihitsy, dia ireo zavatra ireo. Fantatro fa manao sonia ny anarako aho hoe "Reverà." Marina tokoa izany, izany fotsiny dia—dia zavatra fanao amin'izao andro izao, fa tsy tokony hatao izany. "Reverà" sy "Eveka" sy "Dokotera" ary ireo zavatra rehetra ireo dia titra nataon'olombelona, ary fahadalana izy ireo! Ao amin'ny Baiboly izy ireo dia "Petera," "Jakoba," "Paoly," "Jaona," ary ny sisa rehetra amin'izy ireo.

121 Hoy i Paoly hoe, "Ankehitriny, eto, fantatro fa mitory ny Filazantsara aho, izany—izany—izany no adidiko." Mpitory teny iray aho, mpitory teny iray izy, mpitory teny iray Rahalahy Neville, fa izany . . . Izany no adidintsika, dia ny ho mpitory teny iray. Eny, izany fotsiny no tokony hataontsika. "Fa avelao aho hanao zavatra," hoy i Paoly, "izay ankoatr'izany." "Ankehitriny, manana zò haka vola aho," hoy i Paoly, "saingy hanamboatra lay aho mba hanehoana aminareo fotsiny fa izaho dia afaka—afaka miaritra aho." Hoy izy hoe, "Mendri-kaja, mendri-kaja ny fanambadiana eo anivon'ny rehetra, tsy voaloto ny fandriana. Tsara ho an'ny lehilahy ny manambady." Hoy izy hoe, "Manana zò hanambady aho. Ankehitriny, izaho—afaka hanambady aho, manana zò ara-dalàna hanambady aho. Saingy tsy hanambady fotsiny aho, te-hanao fanatitra iray hafa ho an'ny Tompo aho." Hitanareo? Avy eo dia hoy izy hoe, "Ny olona tsirairay dia mahafantatra ny antsony. Avelao izy hanao araka . . . Ny sasany dia ionoka nohon'ny Tenin'Andriamanitra, sy ny sisa."

122 Te-hanao zavatra ankoatry ny adidintsika isika. Ary raha nateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray marina tokoa ianareo ka manao hoe, "Eny, adidiko ny mandeha any ampiangonana, heveriko fa tsy maintsy mandeha aho." Oh, oadray! Eny, te-hanao mihoatra noho izany aho, te-hahazo fanahy sasany ho an'i Kristy aho. Te-hanao zavatra aho! Te-hamangy ny marary aho na hanao zavatra ho Azy. Adidiko ny mitory teny amin'ny fandevenana, adidiko ny mitory ny Filazantsara, adidiko ny mivavaka ho an'ny marary. Avelao aho hanao zavatra hafa, avelao aho hivoaka ary hanao zavatra izay hanajan'Andriamanitra ahy amin'izany.

123 Ankehitriny, miverina amin'i Kaina. [Elanelana tsy

voaraki-peo—Mpand.] Satria i Eva no vehivavy tokana izay noforonin'Andriamanitra, ka raha tsy nanana zanakavavy izy, rehefa maty io vavy farany io (ilay vavy tokana), dia ho nitsahatra tsy nisy intsony ny taranak'olombelona. Marina ve izany? Tsy ho nisy vavy intsony. Noho izany dia tsy maintsy nanana zanakavavy izy. Ary nanambady ny anabaviny manokana i Kaina, satria tsy maintsy izy, tsy misy toerana hafa hihavian'ny vehivavy.

124 Ary ara-dalàna sy araka ny lalàna izany tamin'izany andro izany, na dia ho an'i Abrahama aza, ary hatramin'i Isaka aza. Nanambady ny iray tam-po iray rà aminy i Isaka. Ary Abrahama nanambady ny anabaviny manokana, anabaviny iray rà. Ny an'ny rainy. . .Reny samihafa ilay izy fa ilay ray iray ihany. Ary ny tsimoka dia avy amin'ny fananahana lahy. Saraha, izay niteraka an'i Isaka mahafinaritra. Marina ve izany? Tsy nisy olona teto an-tany tamin'izany.

125 Tao amin'ny tandindona daholo izany, maneho fa ny. . . Ity ilay izy, rahalahy! Isaka. . .Rebeka dia tandindon'ilay Fiangonana, ary Isaka dia tandindon'ny Ampakarina, Kristy. Marina ve izany? Ary tsy maintsy mpihavana iray Rà izy ireo! Haleloia! Amena! Mpihavana iray Rà!

126 Noho izany dia nanambady ny anabaviny i Kaina, ary izany dia. . .Avy eo dia nandeha nankany amin'ny tanin'i Noda izy ireo. Ankehitriny, miditra amin'ny lohahevitra iray lalina isika raha lasa lavidavitra kely kokoa, ary faly aho fa tsy nanontany lavidavitra kokoa noho izany ianareo, (ohatra, "Taiza ireo olombe izay tao amin'io tany io tamin'izany andro izany?" Josephus sy ny hafa dia manana adi-hevitra maro mikasika an'izany). Amena! Raha tsy voavaliko tsara ity, rahalahy, dia atolory indray ilay izy amin'ny Alahady maraina. Eny àry.

**4. Hazavainao ve fa ny Alahady no andro voalohany amin'ny herinandro ary ny Sabotsy no andro fahafito? Ny Kristiana dia mandeha any am-piangonana ny Alahady, andro voalohany amin'ny herinandro. Tsy tokony handeha ny Sabotsy ve izy ireo, andro fahafito amin'ny herinandro?**

127 Eny, ankehitriny, ry sakaiza malala, na iza nanontany an'ity, fanontaniana iray tena tsara izany. Fanontaniana efa tranainy izay niadian-kevitra teo anivon'ny mpianatra an'arivony amin'izao andro izao izany, fa afaka ve aho, avelao fotsiny aho hanome ny fandikako, hitanareo, izay ihany no azoko atao. Ary raha tsy marina aho, eny, ianareo—mahareta amiko, ary hamela ahy anie Andriamanitra, hitanareo, raha—raha diso no anaovako azy.

128 Ankehitriny, raha ny amin'ny lalàna. . .Ankehitriny, olona iray Adventistan'ny andro Fahafito izay mipetraka eto angamba izany. Izany no fianarako voalohany, dia ny Advento an'ny andro Fahafito. Marina izany. Adventista an'ny andro Fahafito,

izay nianarako voalohany. Ary rehefa tonga izy ireo ka niteny tamiko fa “ny Sabotsy no andro fahafito,” rahalahy, araka ny alimanaka Jiosy izany. Ary ny alimanaka Romana dia tsy nametra an’izany, ary ny Sabotsy dia tokony ho Alahady marina tokoa. Eny, nasain’izy ireo nanaiky zavatra izay noheveriko ho marina aho. Ary raha mbola namaky ny literatioran’izy ireo foana aho dia nanaiky an’izany, zato isan-jato, fa indray andro dia naka Baiboly iray aho ary hitako fa samihafa izany tamin’izany. Hitanareo?

129 Ankehitriny, ny Sabotsy no andro sabata araka ny fihodin’ny herinandro. Ankehitriny, tsy mahafantatra isika. Efa niova izany, ary manana fiovana maro be isika ka tsy ho fantatrareo mihitsy hoe iza marina izany. Hitanareo? Satria isika... Ankehitriny, ny Jiosy dia milaza fa isika dia saiky mihitsy... ilay izy izao ankehitriny izao dia saiky 1970 mahery, araka ny fihodin’izy ireo, ny alimanakan’izy ireo. Ny alimanaka Romana dia mandray azy ho 1953. Ary nanana alimanaka iray hafa izy ireo izay mandray azy any an-kafa any ho any. Fa izany no manao azy ho porofon’ny Kristianisma, izany rehetra izany dia mifototra amin’ny fahaterahan’i Kristy. Hitanareo, eo no andraisantsika azy.

130 Ankehitriny, fa ankehitriny raha ny andro fahafito, ankehitriny, misy olona Pentekotista betsaka izay sabata—sabata sabatariana, mitandrina sabata ny Sabotsy. Ankehitriny, hoy izy ireo hoe, “Tsy misy Teny ao amin’ny Baiboly hitandremanareo ny Sabot-...Alahady ho andro iray.” Ankehitriny, hilaza an’ilay zavatra iray ihany aho mikasika ny sabata ao amin’ny Testamenta Vaovao. Hitanareo? Ankehitriny, ny Sabotsy no andro sabata izay nomena ny Jiosy. Ankehitriny, dia nomena ho an’ny fotoana iray fotsiny izany.

131 Ankehitriny, mety hiteraka fanontaniana hanoherana an’ilay izy izany. Fa, mariho ankehitriny. Rehefa nitsahatra Andriamanitra tamin’ny andro fahafito, tamin’izay fotoana izay dia tsy notandremana ny andro fahafito, araka—araka ny fantatro ao amin’ny Soratra, hatrany amin’ny saiky dimanjato sy arivo taona. Ary tany an-efitra, Andriamanitra dia nanome ho an’ny Isiraely ny andro fahafito ho famantarana iray eo anelanelan’ny...Andriamanitra.

132 Ary nitsahatra Andriamanitra tamin’ny andro fahafito, andro Fitsaharam-pahatsiarovany. Milaza azy tahaka an’izany aho ho tombontsoa hoe ity dia mety ho ra—rahalahy na anabavy Adventista an’ny andro Fahafito ity, hitanareo, ary manana fiangonana iray maha-te-ho tia izy ireo. Ary mariho ankehitriny, tsy hifanaraka kely amin’izy ireo fotsiny aho eo—eo amin’ity fanontaniana ity.

133 Ankehitriny, nohamasinin’Andriamanitra ny andro fahafito. Enina andro dia ny olona. Ny andro fahafito no andro

fitsaharan'Andriamanitra, izay tandindona iray, tandindona iray an'ny Arivo taona. Ankehitriny, mariho ity ankehitriny, ahoana—ahoana no ifampidiran'izany. Ankehitriny rehefa tonga teto an-tany Jesosy, ny nanohomboana an'i Jesosy dia hoe tsy nitandrina ny andro sabata Izy; ireo fiampangana roa fotsiny izay nanoheran'izy ireo an'i Jesosy dia hoe "Nandika ny andro sabata Izy, ary nanao ny Tenany ho Andriamanitra." Ary nilaza Izy fa Izy no Tompon'ny sabata. Izy dia nanana. . .Izy koa no Sabatan'Andriamanitra, ary Andriamanitra Izy. Noho izany dia tsy nanana fomba hiampangana Azy izy ireo.

134 Ankehitriny, mamelà ahy handamina an'izany fotsiny ho anareo ary haneho aminareo hoe andro inona no tokony hotandremantsika. Ankehitriny, misy Soratra iray ve? Hanontany an'izany aho ho tombontsoanareo:

> **Misy Soratra ve, Rahalahy Branham, izay miteny amintsika sy manome alàlana antsika hitandrina ny Alahady tahaka ny nitandreman'ny Jiosy ny Sabotsy mihitsy?**

135 Tsia, tompoko, tsy misy. Tsy misy Soratra iray ao amin'ny Baiboly, ao amin'ny Testamenta Vaovao, mba hitandremantsika na ny Sabotsy na ny Alahady. Fa ny antony hitandremantsika ny Alahady, dia fahatsiarovana ny fitsanganana. Na inona na inona. . .

136 Ankehitriny, hilaza ianareo hoe, "Ny Katolika Romana dia nanao an'izany." Milaza izy ireo fa nanao an'izany, fa raha nanao izy ireo, Masindahy Paoly dia Katolika Romana iray, ary toy izany koa i Petera, Jaona, sy Jakoba, ary ny sisa tamin'izy ireo, satria nivory tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro izy ireo mba hivavaka. Ary, araka ny mpahay tantara, ny fomba tokana nahafahan'izy ireo niteny teo amin'ny Jiosy Kristiana iray sy ny Jiosy ortodoksa iray (samy nandeha nankany amin'ny synagoga izy roa ireo), fa ny anankiray nandeha ny Sabotsy (izay nandà ny fitsanganan'i Jesosy), ary ny anankiray hafa dia nandeha ny Alahady (izay nino fa nitsangana tamin'ny maty Jesosy). Ary marika iray izany. Ary ho izany ilay izy, mbola marika iray izany, ary mety hiafara amin'ny mariky ny bibidia izany.

137 Ankehitriny, fantatro fa ny, ireo rahalahy malalantsika Adventista an'ny andro Fahafito dia mihevitra fa izany no Tombokasen'Andriamanitra. Hoy izy ireo hoe, "Voaisy tombokase ianareo amin'ny fitandremana ny sabata." Tsy misy Soratra iray ao amin'ny Baiboly milaza an'izany.

138 Ary ity misy Soratra iray ao amin'ny Baiboly izay milaza fa—fa ianareo dia voaisy tombokase, Efesiana 4:30, nanao hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo," ny batisan'ny Fanahy Masina.

139 Ankehitriny dia hoporofoiko aminareo fa ny Tombokasen'Andriamanitra dia ny batisan'ny Fanahy Masina. Hitanareo? Izany dia ny batisan'ny Fanahy, dia ny Tombokasen'Andriamanitra. Ankehitriny, Isaia 28, hoy izy hoe, "Tsy maintsy misy didy anampy didy, fitsipika anampy fitsipika, kely eto ary kely etsy."

140 Diniho ankehitriny, ankehitriny, ry sakaiza malala. Ankehitriny, ireo olona mijanona tsy miasa... Hitanareo, miezaka hahita zavatra hamonjena ny tenany ny olona. Tsy misy zavatra iray azonareo atao mikasika an'izany. Voavonjy nohon'ny fahasoavana ianareo. Andriamanitra no manao ny antso, Andriamanitra no manao ny famonjena. Araho fotsiny ny—ny dian-tongotr'Andriamanitra, izay ihany. Tsy afaka milaza ianareo. Izany no natioran'ny olona. Miezaka mijanona tsy mihinan-kena izy ireo, miezaka mitandrina andro sabata izy ireo, miezaka izy ireo ny... "Raha hijanona tsy hanao an'*ity* ianao." Izany dia... Tsy voavonjy ianareo nohon'ny tsy fihinanana hena. Tsy voavonjy ianareo noho *ity*, *itsy*, na ny *hafa*, voavonjy nohon'ny fahasoavana Ianareo! Ary Andriamanitra, nohon'ny fahasoavana, dia manome anareo an'ilay vaovao, Fiainana Mandrakizay. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ary ny Fiainana Mandrakizay dia ny batisan'ny Fanahy Masina.

141 Mamelà ahy haneho aminareo ankehitriny. Inona no dikan'ny teny hoe *sabata*? Ny olona iray mahafantatra, hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo? Sabata? [Hoy ny anabavy iray hoe, "Fitsaharana."—Mpand.] Fitsaharana. Marina tokoa. *S-a-b-a-t-a*, andro sabata, dia midika hoe "f-i-t-s-a-h-a-r-a-n-a," andro fitsaharana. Alaivo ny famakian-teninareo eo amin'ny sisiny ao amin'ny Baiboly dia jereo hoe, andro "Fitsaharana." Ankehitriny dia ndao isika handeha any amin'ny Hebreo, ny toko faha-4, haingana mihitsy ankehitriny. Ary isika dia...

142 Ity—ity no fanontaniako farany eto mihitsy. Ary, rahalahy, jereo raha manana azy ireo Rahalahy Neville eo. Fantatro fa fohy ny sasany amin'izy ireo, noho izany dia tsy hihazona anareo ela loatra intsony izahay. Ankehitriny, miala tsiny aho raha mbola mitady azy ireo.

143 Ankehitriny, rehefa hitanareo ilay teny eto hoe, *fitsaharana*, amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa izany dia midika hoe "sabata."

144 Ankehitriny, ity ny Testamenta Vaovao. Jesosy, ao amin'ny Masindahy Matio, manomboka amin'ny toko faha-5-n'ny Masindahy Matio Izy, ary manomboka tahaka an'izao Izy: "Efa renareo izy ireo nanao hoe, ireo tamin'ny andro fahiny, 'Aza mijangajanga.'" Izany, inona izany? Ny lalàna, ireo didy. "Fa Izaho kosa milaza aminareo, fa, na iza na iza mijery vehivavy ka mitsiriritra azy." Nanova an'izany, sa tsy izany Izy? "Efa renareo

izy ireo nilaza hoe, ireo tamin'ny andro fahiny, 'Aza mamono olona,' fa Izaho kosa milaza aminareo!" Nanova an'izany, sa tsy izany Izy? (Nihevitra ve fa tsy nanova ny lalàna Izy?) Eny àry. Hoy Izy hoe, "Fa Izaho kosa milaza aminareo fa na iza na iza tezitra amin'ny rahalahiny tsy misy antony dia efa namono sahady." Tsy nisy mihitsy izany teo ambanin'ny Testamenta Taloha, Testamenta Vaovao izany. Nandeha nihoatra an'izany fotsiny Izy. Hitanareo? Nandroso Izy ka nanome an'ireo didy ireo, fa Navelany, Nodinganiny ilay fahefatra, dia ny andro fahafito. Ankehitriny ao amin'ny toko faha-7, izay Izy . . .

145 Ao amin'ireo Fahasambarana, izao no Nolazainy, hoy Izy hoe, "Efa renareo izy ireo nilaza hoe, ireo tamin'ny andro fahiny, 'Ianao aza, ary ianao aza,' fa Izaho milaza hafa aminareo. Efa renareo izy ireo nanao hoe, 'Nify solon'ny nify, ary maso solon'ny maso,' fa Izaho kosa milaza aminareo! Efa renareo izy ireo nilaza hafa, fa Izaho kosa milaza aminareo!"

146 Ankehitriny, tamin'ny fiafaran'izany rehetra izany, dia Navelany ny didy fahefatra. Ankehitriny, izany dia hoe, "Tsarovy ny andro sabata ka tandremo ho masina izany." Ankehitriny dia hoy Izy hoe:

> *Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho hanome anareo fitsaharana* ho an'ny fanahinareo.

147 Diniho ankehitriny, "Na iza na iza mijangajanga dia tsy maintsy toraham-bato," tsy maintsy nanao an'ilay hetsiky ny fijangajangana mihitsy izy ireo. Marina ve izany? Ary tsy maintsy natao ara-batana ilay izy. "Na iza na iza mamono," tsy maintsy mpamono olona iray izy.

148 Fa hoy Jesosy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy," ny ainy, ny fanahiny, tsy misy na inona na inona ao amin'ny vatany ankehitriny. Ny fanahiny dia navotana, tsy izany ilay izy tamin'izany; mpampianatry ny sekoly iray izany, hitanareo, izany ny lalàna. Ankehitriny dia hoy Izy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy hitsiriritra azy dia efa nijangajanga taminy sahady tao am-pony." Ankehitriny dia hoy Izy hoe, "Efa renareo izy ireo nanao hoe, 'Aza mamono olona,' fa Izaho kosa milaza fa na iza na iza tezitra amin'ny rahalahiny tsy misy antony dia efa namono sahady."

149 Ankehitriny dia nilaza Izy, amin'ny teny hafa, mikasika ny sabata, hoy Izy hoe:

> *Mankanesa* atỳ *amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy . . . mavesatra entana, fa izaho hanome anareo fitsaharana* ho an'ny fanahinareo, sabata ho an'ny fanahinareo. (Tsy ho an'ny tena ara-batana, ho an'ny *fanahi*nareo.)

150 Ankehitriny, henoy—henoy i Paoly ankehitriny. Raha afaka fotsiny ianareo . . . Fantatro fa mahamay ny andro sy ny zavatra

rehetra, eto dia mahamay, ihany koa. Fa, ankehitriny, ndao dinihintsika akaiky ity ankehitriny mba hahazoantsika antoka fa handamina an'izany. Ankehitriny, Paoly, no nanoratra ho an'ireo Hebreo. Iza ireo Hebreo? Mitenena mafy. Ireo Jiosy. Marina ve izany? Ankehitriny, izy ireo no mpitandrina lalàna, ireo mpitandrina sabata. Marina ve izany? Marina ve izany, rahalahy, mpitory teny? Izy ireo no mpitandrina sabata, izy ireo no mpitandrina lalàna. Eny àry.

151 Ankehitriny, mitondra an'ireo Jiosy i Paoly, amin'ny aloka sy ny tandindona, maneho an'izay nataon'ny lalàna tandindona, "Ny lalàna dia aloky ny zava-tsoa ho avy," ary mandroso izy ka manome an'izany eo amin'ny toerana iray toy ny volana sy ny masoandro. Toy ny—ny—ny hoe ny volana dia aloky ny masoandro mamiratra fotsiny eo amin'ny firenena hafa na tontolo hafa iray, ary mampitaratra eto izany. Ankehitriny, fa ankehitriny, ary izany dia tsy afaka, ny. . .Hebreo 9.

152 Ankehitriny, mariho ankehitriny ao amin'ny Hebreo 4, tonga amin'ny tolo-kevitra momba ny sabata izy. Jereo ankehitriny:

> *Koa aoka isika hatahotra, fandrao,* ny *teny fikasana izay navela ho antsika* mba hidirana *ao amin'ny fitsaharany,. . .*

153 Ankehitriny, miresaka amin'ireo mpitandrina sabata i Paoly ankehitriny, ireo olona izay nitandrina ny andro sabata. "Aoka isika hatahotra fandrao ny teny fikasana navela ho antsika mikasika ny andro sabata iray," amin'ny teny hafa. Na raha hanamarika ny famakian-teninareo eo amin'ny sisiny ianareo, na ny "fitandremana ny sabata." Izany dia "*j*" ao amin'ny ahy, eo amin'ny Baiboly Scofield, na ny "fitandremana ny sabata." Hitanareo? Eny àry.

> *Aoka isika. . .hatahotra, fandrao, ny teny fikasana navela ho antsika. . .tsy hahatratra an'izany.*
>
> *Fa isika koa no nitoriana ny filazantsara, tahaka azy ireo ihany* (teo ambanin'ny lalàna): *nefa ny teny notoriana dia tsy nahasoa azy ireo, fa tsy niharo finoana* ho *an'ireo izay nandre an'izany.*

154 Ankehitriny, izany no teo ambanin'ny lalàna. Tsy nanana finoana izy ireo, satria tsy misy na inona na inona hanaovana fototra eo amin'izany. Hitanareo? Eny àry:

> *Ho antsika izay nino* no *miditra amin'*Ny *fitsaharany, araka ny voalazany hoe,. . .*

155 Ankehitriny, "Ny" fitsaharany. Ankehitriny, "Ny," Fitsaharan'i Kristy izany. Eny àry, Ny Fitsaharany, Ny "sabatany." Ary isaky ny hampiasa *fitsaharana* aho, izay voasoratra eo, dia hampiasa ny "sabata" aho mba hahazoanareo ny momba ny fitandremana andro iray. Hitanareo?

*Ho antsika izay nino* no *miditra amin'*Ny *sabatany, fitsaharany, araka ny voalazany hoe,. . . Tamin'ny fahatezerako no nianianako,* (tamin'ireo Hebreo) *fa* tsy *hiditra amin'ny fitsaharako izy ireo: na dia. . .* (Ankehitriny, diniho Paoly mandeha manao an'izany ho andro nohamasinin'Andriamanitra). . .*na dia efa vita hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao aza ireo asa.*

*Satria niteny izy tao amin'ny toerana anankiray ny amin'ny andro fahafito* ho fitsaharana iray, na sabata iray. . .(Marina ve izany? Hapetrako eo izany, hitanareo.)

*Satria niteny izy ao amin'ny toerana anankiray* (ao amin'ny lalàna) *ny amin'ny andro fahafito arak'izao, Ary Andriamanitra nitsahatra tamin'ny asany rehetra* tamin'*ny andro fahafito.*

156 Io ny andro fahafitonareo. Ankehitriny, nanaiky i Paoly fa Andriamanitra no nanome an'izany ho azy ireo, ny andro fahafito izany. Ary Andriamanitra nitsahatra tamin'ny andro fahafito, nitahy ny andro sabata Izy, Namasininy izany, ary Nohamasininy izany, ka nanao azy ho andro fitsaharana iray. Tena nanao an'izany Andriamanitra, tamin'ny Asany rehetra.

*Ary amin'ity toerana ity indray, Raha hiditra amin'ny fitsaharako izy ireo.* (Jesosy no miteny.)

157 Ankehitriny, misy sabata hafa iray any ho any. Aiza izany? Ankehitriny, tsarovy ity eto ity, "Fitsaharan'Andriamanitra," io andro fahafito io. Hoy i Paoly hoe, "Nanana an'izany izy ireo tao amin'ny toerana anankiray." Fa ankehitriny dia hoy indray izy hoe, "Raha hiditra amin'Ny Fitsaharako izy ireo," miresaka mikasika an'i Jesosy ao amin'ny Matio eny àry.

*Satria* dia *mbola* misy *sasany izay tsy maintsy hiditra* ao, *ary* ho an'ireo *izay nitoriana izany voalohany dia tsy niditra tao. . .nohon'ny tsi-finoana:*

*Indray,. . .*

158 Henoy tsara ankehitriny! Ny olona rehetra izay mihaino, manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Henoy:

*Indray, mametra andro iray izy,. . .*

159 Nametra andro iray Izy eto. Inona izany? Aoka ny olona rehetra hilaza an'izany indray mandeha. Ny sabata! Marina ve izany? Nametra ny andro fahafiton'ny herinandro ho sabata iray Izy eo amin'ity toerana ity.

*Ary indray koa, izy dia* nametra *andro anankiray, milaza ao amin'i Davida hoe* (ao amin'ny Salamo), *Anio, taty aoriana ela be;* (mandra-pahatongan'i Jesosy, hitanareo, ny fotoana voalohany). . .*izao no voalaza*

> *hoe, Anio raha ianareo. . .hihaino ny feony, dia aza manamafy ny* fonareo. (misy fitsaharana hafa iray ho avy; tsy ara-batana iray, *ara-panahy* iray*)*

160 Ankehitriny, diniho. Oh, hoy ianareo hoe, "Nefa isika dia manana ny andro fahafito, ihany koa." Ankehitriny, hazòny iray minitra fotsiny izany. Ndao isika hamaky ny andininy manaraka, hitanareo, aza alaina haingana loatra ilay izy. Eny àry:

> *Fa raha Jesosy no* efa *nanome azy ireo. . .Fa raha— raha Jesosy no* efa *nanome azy ireo fitsaharana,* andro fitsaharana, *dia tsy ho nilaza andro hafa iray izy* tao aorian'izany.

161 Rehefa nanova ny lalàna Izy, avy amin'ny lalàna ho amin'ny fahasoavana, dia tsy ho nanome azy ireo andro iray hitsaharana ve Izy, andro fitsaharana iray, andro anankiray? Saingy tsy nilaza na inona na inona mikasika ny sabata mihitsy Izy. Tsy nilaza na inona na inona mikasika ny Alahady mihitsy Izy, tsy nilaza na inona na inona mikasika ny Sabotsy mihitsy Izy. Fa ity no Nolazainy, Paoly no nilaza. Diniho ankehitriny, "Misy. . . " Ny faha-19. . .na ny andininy faha-9:

> *Koa dia mbola misy* sabata *iray ho an'ny olon'Andriamanitra.* (Androany izany!). . .*Mbola* misy. . .sabata *iray ho an'ny olon'Andriamanitra.*
>
> *Fa izy* (ianareo na izaho) izay efa *niditra tao amin'ny fitsaharany* (Fitsaharan'i Jesosy, "Mankanesa atỳ Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, Izaho hanome anareo Fitsaharana"), *izy* (ianareo na izaho) dia *nitsahatra tamin'ny asany manokana, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny azy* tany amin'ny voalohany.

162 Amena! Io ny sabatanareo. Marina ve izany?

> *Aoka isika hazoto. . .*(hoy i Paoly). . .*hiditra amin'izany fitsaharana izany, fandrao hisy olona* ho *latsaka amin'ny tsi-finoana tahaka an'izany koa* (ireo andro sy ny sisa, hitanareo).
>
> *Fa ny tenin'Andriamanitra dia velona, sy mahery, ary maranitra noho ny sabatra roa lela, manindrona hatramin'ny. . .ny fampisarahana ny aina. . .*ary *mpamantatra ny. . .sy ny. . .*(ndao jerentsika). . . sy ny *fanahy, ary ny. . .*(iray minitra fotsiny). . . *fampisarahana* ny *aina sy* ny fanahy, *ary. . .ny tonona sy* ny *tsoka, ary. . .mpamantatra ny eritreritra sy* ny *fisainan'ny fo.*
>
> *Tsy misy zava-boahary koa. . .izay tsy* miseho *eo imasony:* fa *ny zavatra rehetra dia mihanjahanja sy* miharihary eo anatrehan'ny Mason'*izay hiafaran'*ny *ataontsika.*

163 Ankehitriny, jereo, Andriamanitra dia nitsahatra ny andro fahafito, namorona ny andro fahafito, nanome an'izany ho an'ireo Jiosy ho fahatsiarovana iray. Miresaka mikasika an'i Masindahy Paoly aho ankehitriny, hitanareo, eto. Ankehitriny, mihevitra ve ianareo fa izy no nitondra an'Izany? Mihevitra ve ianareo fa manana zò izy? Ankehitriny, inona no nolazainy ao amin'ny Galatiana 1:8? "Raha misy Anjely iray avy any Andanitra ho tonga ka hampianatra anareo filazantsara iray hafa noho izay efa nolazaiko, dia aoka izy ho voaozona aminareo." Hitanareo, mazava ireo filazantsara. Ankehitriny, diniho.

164 "Eny, Rahalahy Branham, ankehitriny inona no hataoko, mino an'i Jesosy Kristy fotsiny ve?" Tsia. Tsy izany no Fitsaharana.

165 Ankehitriny, raha tianareo ho fantatra hoe inona... Firy no te-hahafantatra hoe inona ny Fitsaharana Kristiana, manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, afaka mandray naoty azy ianareo raha tianareo, Isaia 28. Hoy izy hoe, "Didy tsy maintsy hanampy didy—didy," miteny. "Didy anampy didy, fitsipika anampy fitsipika, kely eto ary kely etsy, ary hazòny mafy izay tsara." Miresaka mikasika ny fotoana ho avy ilay mpaminany, mikasika ny Fitsaharana, sabata. Vakio ilay toko manontolo, hitanareo, hoy izy hoe, "Hisy fotoana izay hahafoana ny andro sabata," ary hivarotra kiraro izy ireo ny Sabotsy tahaka ny nanaovan'izy ireo an'izany amin'ny Alatsinainy, na inona koa. Hitanareo? Hoy izy ireo, "Rahoviana izany fotoana izany?" Hoy izy:

> ...*didy anampy didy;...fitsipika anampy fitsipika; kely eto, ary kely etsy:* hazòny mafy izay tsara.
>
> *Fa amin'ny molotra miambakambaka sy* amin'ny fiteny hafa *no hitenena*ko *amin'ity vahoaka ity.*
>
> ...Ary *ity no* sabata, *ny fitsaharana* izay Nolazaiko fa hidiran'izy ireo. Ary ho an'Ity rehetra ity dia nanamafy ny fony izy ireo sy nanifikifika ny lohany ary nandà an'Izany. (Ilay zavatra iray ihany mihitsy izay nataon'izy ireo tamin'ny Pentekosta rehefa nilatsaka teo amin'ny olona ny Fanahy Masina, ary ny Fanahy Masina dia nomena voalohany ho an'ny olona tany aoriana tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Izany no Fitsaharana, ny sabata ho an'ny olon'Andriamanitra.)...

166 Noho izany ny antony tokana hitandremantsika ny Alahady, dia natombok'ireo razantsika fahiny ao amin'ny Baiboly, Masindahy Paoly, Jaona, Matio, Marka, Lioka, ary izy rehetra ireo, nandeha nitety trano izy ireo, nandray ny fandraisana izy ireo tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro rehefa niangona ireo mpianatra, ary izany dia nantsoina, tsy hoe sabata iray, fa ny andron'ny Tompo.

167 Nilaza i Jaona, tao amin'ny Nosin'i Patmo, efa niorina tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny fiangonana, "Tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo aho." Marina izany. Hitanareo? Ary avy eo izy dia nahita . . .

168 Ary—ary, ankehitriny, ny andron'ny Tompo dia—dia ny andro izay nitsanganan'ny Tompo. Ankehitriny, mandehana alaivo ilay mpahay tantara, Josephus, Agabus, ny maro amin'ireo hafa, na, tsy Agabus, oh, izaho tsy afaka . . . Ny iray amin'ireo mpanoratr'izy ireo fahiny, dia ho hitanareo ny tany aoriana tany. Ireo mpahay tantara mikasika ny fiangonana, *Foxe's Book of Martyrs*, maro amin'izy ireo, dia ho hitanareo eo fa ny fahasamihafana tokana . . . Vondrona Jiosy iray izy ireo. Ny iray tamin'izy ireo dia nantsoin'izy ireo hoe "mpihinana olona," ireo Kristiana izany. Hoy izy ireo hoe, "Nisy lehilahy iray novonoin'i Pontio Pilato ary tonga ireo mpianatra ka nangalatra ny vatany. Ary nafenin'izy ireo izany, ary isaky—isaky ny Alahady dia mandeha izy ireo mihinana ampahany iray amin'izany." Nandray ny fandraisana izy ireo, hitanareo. Izy ireo fotsiny . . . Nandray ny Vatany izy ireo, hitanareo. Nilaza izy ireo fa nandray ny vatan'ny Tompo, ny fandraisana. Ary tsy fantatr'izy ireo hoe inona izany, ka hoy izy ireo hoe, "Mpihinana olona izy ireo." Hoy izy ireo, "Mandeha mihinana izy ireo amin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, miara-mivory izy ireo dia mihinana ny vatan'io lehilahy io."

169 Ary ny fomba tokana ahafahanareo miteny na mpitandrina ny lalàna izy ireo ka mandà mafy ny fitsanganana, na Kristiana izy ireo ka nino ny fitsanganana, dia ny iray nandeha nankany am-piangonana ny Sabotsy ary ny anankiray nandeha nankany am-piangonana ny Alahady, izany no marika iray teo amin'izy ireo.

170 Tena matanjaka izany, sa tsy izany? Eny àry. Manantena fa izany no mamaly an'ilay izy. Ny Fanahy Masina dia . . .

171 Ankehitriny, manana zavatra iray ve ianao eo, rahalahy? Tianao . . . Tianao ve—te-ho avy ve ianao ka hamaly an'izany? Ndao jerentsika, eto mihitsy. Oh, eny.

**5. Mbola hanana fanararaotra iray ho voavonjy ve ireo Jiosy rehefa tonga amin'ny fiafarany ny fizaram-potoan'ny Jentilisa?**

172 Oh, oadray, raha tsy anankiray mahavariana izany! Tsy manam-potoana hidirana tsara ao amin'izany mihitsy isika, fa mamelà ahy hiteny an'ity aminareo. Ary raiso ny teniko, hasehoko aminareo. Amin'ny . . . Raha handray ny teniko ianareo (araka ny anazavako azy) amin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia amarino izany, hitanareo, dia hahita ianareo avy eo. Satria mieritreritra aho . . . Tsy afaka mahita an'ilay famantaranandro aho, nefa mieritreritra aho fa ilay izy dia mihoatra . . . Amin'ny firy izao? Inona? Amin'ny sivy ora sy

sasany. Tsy maintsy mbola handeha any amin'ny hopitaly aho, ary mbola handeha any New Albany, ary tsy maintsy mifoha amin'ny telo sy dimy amby roapolo minitra aho ny maraina. Noho izany. . . Ary tsy mbola teny am-pandriana alohan'ny amin'ny roa na amin'ny telo ora aho isak'alina tamin'ity herinandro ity.

173 Mariho eto ankehitriny, haingana mihitsy ankehitriny, mba hahazoana an'ity. Eny, ry sakaizako Kristiana malala, mifarana ny andron'ny Jentilisa, eo am-piafarana izao ankehitriny izao. Ary hiverina any amin'ny Jiosy Andriamanitra. Ary mamelà ahy hilaza amin'ity fiangonana kely ity fa mivavaka tsy ankitsahatra aho. Ary ireo faminaniana avy amin'ny faritra samihafa amin'ny firenena, mirotsaka eto izy ireo mikasika an'izany. Mino aho fa ny Jiosy. . . Ankehitriny, anaovy iray minitra fotsiny ny palitaonareo, ankehitriny.

174 Ny Jiosy dia tsy afaka hanaiky an'ity zavatra tokana mikasika ny fiangonana Kristiana ity mihitsy. Niteny tamiko ilay Jiosy, imbetsaka hoe, "Rahalahy, tsy afaka manapaka an'Andriamanitra ho ampahany telo ianao ka hanome Azy ho ahy." Ny Jiosy dia manana Andriamanitra anankiray, ary Jehovah izany.

175 Ary ny Jentilisa dia nandika diso an'izany betsaka loatra, hany ka nampianarina azy tamin'ny fomba iray izany, kanefa, tamin'ny fahalalana. Mino aho fa izy—izy dia manana fi—fiheverana iray an'izany, hoe tsy misy andriamanitra telo. Andriamanitra anankiray no misy, fanehoana telo. Maha-olona telo ao anatin'ny Olona anankiray. Ary rehefa afaka mahazo an'ilay hafatra ianareo, nilaza tamin'i Hyman Appleman aho. . . Maro aminareo no mahafantatra azy. Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, raha mitondra an'io hafatra io any Palestina miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana ianao," hoy izy, "dia hisy Jiosy iray tapitrisa handray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy manokana." Hitanareo, marina izany. Ankehitriny, hoy aho hoe. . .

176 Ity no Hafatra izay ananantsika eto. Jesosy dia Jehovah voasarona tao amin'ny nofo, nidina voasarona. Ankehitriny, Andriamanitra (Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina) dia tsy tahaka ny rantsan-tànanareo, anankiray, araka ny iheveran'ny olona sasany azy. Ilay zavatra manontolo fotsiny dia tahaka. . . Tsia, Andriamanitra dia. . . Vao avy nasehoko anareo izany vao tsy ela akory izay, hitanareo, hoe misy trinite iray ao amin'ny Anankiray.

177 Trinite iray ao amin'ny anankiray aho. Izaho dia aina, vatana, ary fanahy, ao anatin'ny olona anankiray. Marina ve izany? Azo antoka. izaho dia—izaho dia vita avy—avy amin'ireo sela, rà, ary hozatra, kanefa vatana anankiray. Hitanareo? Ny

zavatra rehetra jerenareo dia ao amin'ny trinite iray, ary trinite ao amin'ny anankiray.

178 Nisy trinite iray tao anatin'ny sambofiara. Ny rihana ambany, ireo zavatra mandady; ny rihana faharoa ho an'ireo voro-manidina, ireo zavatra manidina; ary ny rihana fahatelo ho an'i Noa sy ny fianakaviany. Ny zavatra rehetra!

179 Tao amin'ny tabernakely. Nisy fiangonana, ny toerana masina, ny Masina indrindra an'ny masina. Hitanareo?

180 Ary nisy fizaram-potoana telo. Ny maha-Ray, ny maha-Zanaka, ary ny fizaram-potoan'ny Fanahy Masina. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Fa ireo telo rehetra ireo. . . Isika tsy manao hoe, "ireo Andriamanitray." Mpanompo sampy izany, ary fantatry ny Jiosy izany. Fa rehefa afaka mampiseho an'izany aminy ianareo hoe io Jesosy io NO Andriamanitra, Jehovah Andriamanitra, tsy olona faharoa na olona fahatelo, ilay Olona iray ihany foana izay manao ny Tenany ho voaseho. Hitanareo? Ary avy eo miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana mba hanaporofo fa nitsangana tamin'ny maty Jesosy.

181 Ary io Dokotera Reidhead io. . .

182 Rahalahy ery aoriana ery, ilay mpampianatry ny fiangonana, ny mpampianatra any, mpampianatry ny sekoly, ato ampiangonana izao hariva izao, nahita azy aho, ary nandray tànana ny vadiny sy ny zazakeliny aho teo. Nihaino azy nitory teny izy tany indray hariva. Heveriko fa eto izy ireo, raha tsy lasa izy ireo, mino aho fa mpampianatry ny sekoly iray any Louisville izy. Na ahoana na ahoana, tany ivelany izy ireo mba hihaino azy.

183 Mahagaga ilay izy, tonga tany an-tranoko ilay lehilahy, izy sy ny iray hafa (ary Jiosy iray), volana vitsivitsy lasa izay. Dia hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, nahazo diplaoma *tena betsaka* aho tao amin'ny Bob Jones. Izaho dia. . . avy tamin'ny Wheaton." Ny fianarana rehetra izay azo nangonina tao aminy! Hoy izy, "Efa nino an'Andriamanitra aho hatramin'ny naha-zazalahy kely ahy." Ary hoy izy, "Mbola banga foana ny fiainako!" Hoy izy hoe, "Diso ve ireo mpampianatra?"

184 Ary ity ilay fiheverana. Raha misy. . . Raha tany amin'ilay Varavarana Mivoha ny sasany aminareo indray hariva, rehefa vitsivitsy izahay no niaraka nitory teny. Hoy izy hoe, "Rehefa nahazo ny alàlako aho. . ." Ankehitriny, henoy, ry tabernakla kely, satria ireo vavakareo sy ny sisa dia nanampy, henoy ity. Izy no niteny an'izany tamiko taloha, teto tany an-trano.

185 Tonga tany an-tranoko izy, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham," hoy izy, "tena tsy nahateny aho." Hoy izy hoe, "Misy zavatra lehibe kokoa noho ity izay ninoako sy nekeko ity ve, Kristy ho Mpamonjiko manokana? Ary mino aho fa nateraky ny Fanahy indray aho, nefa tsy manana vavolombelona an'ny inona na inona."

186 Hoy aho hoe, "Rahalahy, tena halako mafy ny hilaza an'ilay izy, namitaka anao ireo mpampianatra, ny fianaranao."

187 Jereo, satria aho—afaka milaza an'izany aho, tsy mino aho fa ny hahitana ny làlanareo mankany An-danitra dia hoe: "Mino an'ity ve ianareo?" ao am-piangonana, "Ankehitriny, eto, mamelà ahy hanondro eto, ny—ny Baiboly no milaza an'*ity*, mino an'izany ve ianareo?" Ny devoly dia mino ary mangovitra! Ilay izy dia tsy izay inoanareo. Ny fanahinareo dia tsy maintsy manambara miaraka amin'Ny Fanahiny fa ianareo dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fahaterahana indray ary efa nandray ny batisan'ny Fanahy Masina.

188 Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, ahoana ny hevitrao mikasika an'ireo Pentekotista?"

189 Dia hoy aho hoe, "Izany no antony ifanarahako amin'izy ireo. Izany no antony hoe izaho dia—andaniako andro miaraka amin'izy ireo, manana zavatra izay tsy anananao izy ireo." Hoy aho hoe, "Miaraka amin'ny fanatismany sy ny zavatra rehetra, dia manana fahamarinana iray izy ireo izay tsy misy na inona na inona fantatrao." Ary niresaka tamin'ny iray amin'ireo lehilahy malaza indrindra eto Amerika aho, tamin'izany mihitsy. Eny, tompoko. Izy no filohan'ny Sudan Missions, izay malaza indrindra eran'izao tontolo izao, ara-pototra hatrany amin'ny tsoka. Fantany ny Soratra, ary ny *fahafatesana*, ny *fandevenana* ary ny *fitsanganana*, mitory an'izany fotsiny tahaka ny trano mirehitra iray. Saingy tsy izany no Izy. Ny devoly dia afaka manao an'izany, ihany koa. Ny devoly dia ara-pototra mihitsy araka izay maha-izy azy.

190 Fa, rahalahy, hoy Jesosy Kristy hoe, "Raha tsy ateraky ny Fanahin'Andriamanitra ny olona dia tsy hahita ny Fanjakan'Andriamanitra izy."

191 Tsy hoe satria hoy ianareo hoe, "Eny, mino an'izany aho. Hia, izaho—mino aho fa tahaka an'izany io. Mino an'izany aho. Eny." Aza manao an'izany. Ilay izy dia tsy maintsy ho tena fahatsapan'ny Fahaterahana vaovao iray. Ilay izy dia tsy maintsy zavatra iray eo aminareo sy Andriamanitra hoe fantatrareo fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo.

192 Hoy izy, "Rahalahy Branham, afaka mahazo ny Fanahy Masina ve aho?"

193 Hoy aho hoe, "Vao avy nametra-tànana teo amin'i Hyman Appleman aho teo, ary nandray ny batisan'ny Fanahy Masina izy."

194 Nanomboka nitomany ity Jiosy hafa ity, ary namaky ny vera teo amin'ny latabatra kafe kely teo, ary nitomany nanao dobo goavana be teo. Dia hoy izy roa hoe, "Rahalahy Branham, ahoana no andraisanay ny Fanahy Masina?" Mahay! Marani-

tsaina, lalin-tsaina! Ny tsara indrindra izay misy eto amin'ny firenena!

195 Dia hoy aho hoe, "Ny fomba apostolika an'ny fandraisana ny Fanahy Masina dia ny mametra-tànana eo amin'izy ireo." Marina izany.

196 "Fametrahan-tànana." Tonga i Ananiasy nametra-tànana teo amin'i Paoly mba hahazoany ny fahitany sy ho feno ny Fanahy Masina.

197 Nandeha i Filipo ary nitory teny tany, ary nanao batisa ny andiany iray manontolo tany tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tsy tonga teo amin'ny anankiray ny Fanahy Masina, satria Petera no nanana ny fanalahidy. Ary tonga izy, ka nametra-tànana teo amin'izy ireo, dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Marina ve izany?

198 Paoly, ao amin'ny Asa 19, rehefa avy nandalo teo izy. Apolosy, izay tandindon'i Billy Graham tany, dia nanana fifohazana goavana be sy fotoana tsara iray. Hoy izy hoe, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?" tamin'io andiana Batista io.

199 Hoy izy ireo hoe, "Mpanaraka an'i Jaona izahay. Mahafantatra izahay! Apolosy no mpitory teninay, mpisolovava iray niova fo izy, lehilahy manan-tsaina indrindra eto amin'ny firenena."

200 Hoy izy hoe, "Fa efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?"

Hoy izy hoe, "Tsy fantatray raha misy ny Fanahy Masina."

Hoy izy, "Noho izany dia ahoana no nanaovana batisa anareo?"

Hoy izy ireo, "Natao batisa ho an'i Jaona izahay."

201 Hoy izy, "Nanao batisa ho amin'ny fibebahana izy, nilaza fa mino an'Izay ho avy ianareo, an'i Jesosy Kristy." Ary rehefa nandre an'Izany izy ireo, dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Dia nametraka ny tànany teo amin'izy ireo i Paoly ka nandray ny Fanahy Masina izy ireo, ary nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra. Mazava araka ny fahafantarako ny Soratra izany.

202 Ankehitriny, jereo, ry sakaiza! Mety misy fahasamihafana kely eto amin'ireo hevitrareo, satria mikorontana amin'ny zavatra rehetra isika. Fa ndao velarintsika izany, aza manandrana mametraka ny fandikanareo. Lazao izay lazain'ny Baiboly, vakio tahaka an'izany fotsiny Izy.

203 Dia hoy aho hoe, "Ny zavatra tokana fantatro, rahalahy, dia ny mametra-tànana eo amin'ireo izay mitady ny Fanahy Masina."

204 Hoy izy hoe, “Hametra-tànana ve ianao ary—ary hangataka amin’Andriamanitra mba hitahy anay sy hanome anay ny Fanahy Masina?”

205 Hoy aho, “Hametraka aho.” Dia nandohalika teo amin’ny gorodona izahay, ary nivavaka sy nametra-tànana teo amin’izy ireo aho. Ary teo amin’ny herinandro vitsivitsy taorian’izany, dia samy nandray ny batisan’ny Fanahy Masina izy roa. Ary rehefa nandray ny batisan’ny Fanahy Masina io Dokotera Reidhead io, dia lasa niteny tamin’ny fiteny hafa. Eny, tompoko.

206 Nefa hoy ny Sudan Missions anareo hoe, “Tsy manana toerana ho an’ny olona izay miteny amin’ny fiteny tsy fantatra izahay.”

207 Dia nanatona ahy izy ka nanao hoe, “‘Olona iray miteny amin’ny fiteny tsy fantatra’?”

208 “Nahoana, nahoana,” hoy aho, “tsy manana toerana ho an’i Jesosy Kristy izy ireo, satria Jesosy Kristy dia niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra; ary maty, niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra.”

209 Tsy afaka hanaiky ny fampianaran’i Paoly izy ireo, niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra mihoatra azy rehetra ireo i Paoly.

210 Hoy ny iray tamiko omaly, nanao hoe, “Aleoko miteny teny dimy miaraka amin’ny fahazoana.”

211 Fa hoy ny fampianaran’i Paoly hoe, “Maniria fatratra ny faminaniana, nefa aza mandrara tsy hiteny amin’ny fiteny tsy fantatra.” Nefa raràna tsy hiteny amin’ny fiteny tsy fantatra izy ireo!

212 Ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra dia fanomezana Masina iray avy amin’Andriamanitra izay an’ny fiangonana ilay iray ihany androany tahaka azy tany aoriana tany tamin’ny voalohany. Izany marina tokoa no Fahamarinana. Eny, tokoa! Izany no fampianaran’ny Baiboly. Fanomezana Masina iray izany, nefa mandà an’izany ianareo tahaka anareo—andàvanareo ny Fahaterahana vaovao, mandà ny zavatra rehetra izay nampianarin’i Jesosy ianareo rehefa miezaka manaisotra an’izany.

213 Ankehitriny, afaka ho taitaitra amin’izany ianareo, maro amin’izy ireo no efa taitaitra. Fa hoy aho hoe, “Manana ny toerany izany.” Tahaka ny kiraro fotsiny izany; rehefa mividy kiraro ianareo, dia misy lela ao anatin’izy ireo. Ary marina izany. Rehefa ao amin’ny Vatan’i Kristy ianareo, dia Andriamanitra no mameno an’ilay latabatra manontolo, eto. Manana fitiavana Izy, manana fifaliana Izy.

214 Raha nandeha teo amin’ny latabatrareo aho ary nipetraka teo, ka hoy ianareo hoe, “Ry mpitory teny, avia hihinana miaraka amiko,” mino aho fa tia ahy ianareo. Ary nanana tsaramaso sy ovy sy karaoty sy akoho nendasina sy tarta voatavo ary gilasy misy ero-dronono ianareo, ny zavatra rehetra mipetraka

eo. Nahoana, mino aho fa ho tongasoa mihitsy eo amin'ireo ovy tahaka ahy eo amin'ireo tsaramaso aho. Ny zavatra tokana, mino aho fa ho tongasoa eo amin'ny akoho tahaka ahy eo amin'ilay tarta aho. Eo ambony latabatra daholo izany. Ary ny zavatra tokana izay tokony hataoko dia ny manao hoe, "Afaka manome ahy tarta iray ve ianao azafady?" Ary mino amin'ny fo malalaka tsara aho, ny fitiavanareo ahy, fa hilaza ianareo hoe, "Izany tokoa, ry rahalahiko, makà ampahany goavana tsara iray amin'izany." Marina ve izany? Raha hoy aho hoe, "Hanome ovy ahy ve ianao?" "Nahoana, izany tokoa, ry rahalahiko, ity ilay izy."

215 Ary ny fitahiam-panavotana tsirairay izay nahafatesan'i Jesosy Kristy sy novidiny tamin'ny Fanaovam-panavotany tao Kalvary, mipetraka eo ambony latabatra izany ary ny mpino tsirairay dia mipetraka eo anoloan'izany. Haleloia! Raha mila fanasitranana aho, dia hoy aho hoe, "Ray, omeo fanasitranana aho," ary fenoiko an'izany ny viliako ka mihinana goavana iray... Ankehitriny, raha te-ho faty noana ianareo, dia mandrosoa. Eny, tompoko. Ary raha ny faminaniana, ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra...

216 Ary—ary avy eo ilay lehilahy izay nanoratra teo, tsy fantany fa izaho dia niteny... efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ny tenako. Ary manoratra an'ity boky ity izy, ho hitanareo fa hanaparitaka ny firenena izany. Ary ankoatr'izany, ity lehilahy ity dia manana mpitoriteny malaza dimy amby roapolo an'ny Moody Bible Institute mitady ny fanomezam-pahasoavan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Nikorontana tanteraka ny olona mpanara-pototra. *The Christian Life*, ity—an'ity volana ity, jereo ny magazina *Christian Life* an'ity volana ity, ao amin'ny pejy fahasivy ambin'ny folo, ary jereo ilay dokotera malaza momba an'Andriamanitra, hoy izy, "Hanaiky an'izany ve isika? Nahavery zavatra ve isika?"

217 Mandre an'ilay fahabetsahan'ny orana tonga aho! Manana olona izay manodina an'izany eny amin'ny zorony ianareo, fa ilay izy dia tonga teo amin'ny toerana iray izay anomezan'Andriamanitra fanozongozonana iray an'ilay Jentilisa amin'ny batisan'ny Fanahy Masina, mandrotsaka an'Izany amin'ny Fahafenoany rehetra sy ny hery sy famantarana ary fahagagana. Ny antony ihazonako... efa voatosika eny amin'ny zorony ny Pentekosta ka nandeha tsy voafehy teo amin'ireo zavatra samihafa tahaka an'izany, tsy mbola tonga ny fotoana. Izany no antony nananan'izy ireo an'io fanatisma rehetra io. Fa izany no fampanantenan'Andriamanitra Masina sy ny Tenin'Andriamanitra Masina, ary tsy maintsy hiseho Izany satria Andriamanitra no efa niteny an'izany. Ary mino aho fa alohan'ny hifaranan'ny fizaram-potoan'ny Jentilisa mihitsy no handrotsahan'Andriamanitra eo amin'ireo mpanara-pototra.

218 Afaka mamaky an'izany ianareo ao amin'ny *Reader's Digest*

an'ity volana ity, ity laharan'ny Aogositra ity mikasika an'izany. Mandehana jereo izany, hoe io mpitory teny Metodista teo amin'ny polipitra tany io, nivavaka ho an'io lehilahy mandry tany io teo ambonin'ny fandrian'ny hopitaly, ary tonga ny fanambaran'ny Fanahy Masina ka sitrana teo no ho eo ilay lehilahy. Haleloia! Azo antoka. Andriamanitra dia manana fanasitranana avy amin'Andriamanitra mipetraka eto ambony latabatra eto! Manana faminaniana mipetraka eto ambony latabatra eto Izy! Manana fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra eto ambony latabatra eto Izy! Manana fanomezam-pahasoavana ara-panahy sivy Izy ao amin'ilay Vatana, ary tongasoa eo amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo ianareo! Haleloia! Eny, tompoko, eto isika izao.

**Ho. . .Amin'ny fiarafan'ny Jentilisa, dia hiverina ve ireo Jiosy?**

219 Eny, tompoko. Soratra maro, ranabavy, rahalahy, na iza na iza ilay izy. Joela ho an'ny anankiray, "Izay sisan'ny kijeja, dia nohanin'ny sompanga," sy ny sisa, io hazo io. Ary Jesosy Izy tenany no nilaza hoe ahoana fa holavina izy ireo sy ny zavatra rehetra. Oh, ny Soratra manontolo, Daniela ary hatraiza hatraiza, dia miresaka an'izany. Eny, hoy Jesosy hoe, "Rehefa mahita ny hazo aviavy mamoaka ny tsimony ianareo, dia fantaro fa akaiky ny fotoana."

Mino aho fa ity anankiray hafa ity dia mifandraika amin'izany:

6. **Mino ve ianao fa ny Jiosy—ny fiverenan'ny Jiosy ao Palestina dia fahatanterahan'ny faminanian'ny Baiboly? Nandre izahay fa handeha any Palestina ianao, marina ve izany?**

220 Eny. Eny, tompoko. Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, iray amin'ireo lehibe indrindra. . .Raha te-hahita ianareo hoe fotoana inona an'ny taona izao, dia jereo ny alimanaka. Raha te-hahita ianareo hoe ora inona amin'ny alina izao, dia jereo ny famantaranandro. Raha te-hahita ianareo hoe andro inona no iainanareo, dia jereo izay misy an'ireo Jiosy. Izany no famantaranandron'Andriamanitra.

221 Ary jereo! Ilay tena alina mihitsy, ilay tena andro mihitsy, izay nihaonan'ilay Anjelin'ny Tompo tamiko, 1946, ny May fahafito, tany amin'ny Green's Mill, Indiana, tamin'io andro io ihany no voasonia ny fifanaraham-pilaminana ho an'ireo Jiosy ary firenena voaorina iray ho an'ny fotoana voalohany izy ireo nandritra ny dimanjato sy roa arivo taona. Haleloia!

222 Ary, izao hariva izao, ny saina tranainy indrindra eto amin'izao tontolo rehetra izao, ny kintan'i Davida misy teboka enina, dia mihofahofa ao Jerosalema ho an'ny fotoana voalohany tao anatin'ny dimanjato sy roa arivo taona, hatramin'ny famindrana tany Babylona. Hoy Jesosy hoe, "Rehefa mahita

ny hazo aviavy mamoaka ny tsimony ianareo." Io izy! Hoy Izy eo hoe, "Mianara ny fanoharana. Hoy ianareo hoe 'akaiky ny fahavaratra.' Rehefa hitanareo izany, dia fantaro fa efa eo ambaravarana ny fotoana." Eo amin'ny faran'ny fotoana mihitsy isika.

223 Jereo hoe ahoana ny "fahavetavetana" an'i Daniela, sy ny sisa, fantatrareo, rehefa nilaza i Jesosy. "Rehefa ho tonga ny Andriana lehibe, dia haminany Izy ny—ny enimpolo amby roanjato sy arivo andro," izay telo taona sy enim-bolana. Ary izany marina tokoa no nitorian'i Jesosy. Tonga tany amin'ny Jiosy irery Izy, avy eo dia ho esorina Izy ho—ho fanatitra iray ho an'ny olona. "Ary mahatonga fandravàna io fahavetavetana io," manangana ny Mosken'i Omar ny Mohametana any. "Ary hanitsaka ny màndan'i Jerosalema izy ireo mandra-paha" (fioo! Mandra-paha inona?) "hahatanteraka ny fizaram-potoan'ny Jentilisa." Ary avy eo dia hiverina any amin'ny Jiosy indray Izy, ary izany dia rehefa ny Adin'ny Hara-magedona . . . Teo Izy no niantso an'ireo Jentilisa, mba haka vahoaka iray ho an'Ny Anarany, Ny Ampakariny. Mariho. Eny, tompoko. Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia Jiosy navotana daholo izay tsy maintsy mbola hijoro eo. Ireo rehetra ireo . . .

224 Avy eo rehefa akarina ilay Fiangonana, dia miseho i Mosesy sy i Elia, ao amin'ny Apokalypsy 11, ary mitory an'i Jesosy Kristy amin'izy ireo. Ary esorina amin'ireo Jentilisa ny Fanahy Masina, ary tonga mba hampakatra an'ilay Fiangonana ny Fampakarana. Ary ireo Jiosy izay tavela eto dia hitoriana teny mandritra ny telo taona sy tapany, satria hoy izy hoe, "Mbola misy fitopolo herinandro voatendry ho an'ny Vahoakanao, ary ny Mesia dia ho esorina eo afovoan'ireo." Rehefa nesorina Izy, dia homena toerana iray ireo Jentilisa, ary avy eo dia mahazo telo taona sy tapany amboniny izy ireo mba hitoriana, an'i Jesosy Kristy.

225 Azo antoka, fa tonga ireo Jiosy. Ary mino aho, rahalahy, fa rehefa tonga any Palestina izahay amin'ity fotoana ity . . . Oh, mivavaha! Mamaky an'ity Baiboly ity izy ireo.

226 Filazana iray amboniny fotsiny, avy eo aho dia manana fanontaniana kely iray, fohy eto, ary izay ny amin'izy rehetra. Ity anankiray ity dia heveriko fa vavaka iray.

227 Jereo ity! Nilaza i Dokotera Reidhead, nitsangana teo niresaka tamin'ny Mohametana marani-tsaina iray . . .

228 Ankehitriny, sokafy tsara ny sofinareo. Mohametana iray, nanana manodidina ny roa alina tamin'izy ireo aho nanatona ny Tompo Jesosy rehefa nahita an'ireo famantarana sy fahagagana izy ireo tany Afrika. Ity . . . Na, tsia, tsy roa alina; telo alina ny rehetra. Ataoko fa iray alina tamin'izy ireo no tonga, satria ny ankamaroany betsaka dia—dia Mohametana. Ary rehefa nitsangana teo izy ireo, dia hoy aho hoe, "Iza amin'ireo mpaminaninareo ao amin'ny tempoly no afaka hanao an'ity

lehilahy ity ho salama?" Hoy aho hoe, "Iza amin'ny sampinareo, ho anareo teratany, no afaka hanao an'ity lehilahy ity ho salama?" Hoy aho hoe, "Na ny iray amin'izy ireo aza! Tsy nisy mpaminany tao amin'ny tempoly...ary tsy nisy pretra, raha ny marina." Dia hoy aho hoe, "Tsy misy sampy afaka hanao an'izany. Ary izaho koa tsy afaka. Fa Andriamanitry ny Lanitra dia nanangana Ny Zanany Jesosy Kristy Izay velona eo amin'ny olona androany, Izay nanao azy ho salama tanteraka araka ny ahitanareo azy mitsangana." Lehilahy iray niaraka tamin'ny rojo nanodidina ny tendany, tsy maintsy nitarika azy tahaka ny alika iray. Tao anatin'ny iray minitra dia nitsangana tamin'ny tongony izy, ara-dalàna ary salama.

229 Ary niteny tamiko i Dokotera Reidhead indray hariva rehefa nipetraka tao anaty fiara izahay tany, hoy izy hoe, "Oh, oadray!" nieritreritra an'izany. Nilaza izy fa nanatona azy io Mohametana io, ary nilaza fa niresaka tamin'io Mohametana io izy, lehilahy iray tena manam-pahaizana. Hoy izy hoe, "Eny, tompoko, nahoana ianao no tsy mandao ny mpaminaninao antitra maty, Mohameta?"

230 Ankehitriny, tsarovy, mino an'Andriamanitra ny Mohametana. Any ivelany any—any Afrika, "bong" lehibe iray, "dong" iray, mihantona tahaka an'izao. Ary maka maritoa fingotra goavana be iray izy ireo ka mikapoka an'izany tahaka an'izao, ary maneno manerana ny firenena izany. Ary mijanona ny Mohametana tsirairay, ary nivoaka eo an-tampon'ny tempoly ilay pretra, ka hoy izy hoe "Andriamanitra marina sy velona no misy, ary i Mohameta no Mpaminaniny."

231 Zanak'i Ismaela izany. Hitanareo, Hagara, zanak'i Abrahama avy tamin'i Hagara izy ireo. Hitanareo? Mino an'i Jehovah Andriamanitra marina iray izy ireo, saingy mihevitra fa Jesosy...(Izany no...Izy no Mpanavotra *antsika*, nirahina nankany amin'ireo Jentilisa avy tamin'ilay vehivavy afaka; Isaka, hitanareo, ary tamin'ny alàlan'i Saraha). Ary ankehitriny, izy ireo dia tamin'ny alàlan'i Hagara, Ismaela, ary lasa Mohametana.

232 Ary eo amin'ny fasan'i Mohameta, tokony handeha ianareo hijery, manaitra ilay izy, ilay fasana lehibe any. Ary nandritra ny roa arivo taona dia efa nisy soavaly fotsy voaisy lasely, mitsangana any. Nampanantena i Mohameta fa hitsangana amin'ny maty izy indray andro any ary hiakatra eo amin'io soavaly io ka handresy an'izao tontolo izao. Ary isaky—isam-potoana dia manolo soavaly iray amin'ny iray hafa fotsiny izy ireo; miandry eo miaraka amin'ny mpiambina mahatoky, mitsangana, miandry an'i Mohameta hitsangana amin'ny maty. Roa arivo taona izay no lasa hatramin'izany.

233 Mino an'i Jesosy izy ireo, nilaza fa mpaminany iray Izy. Eo amin'ny màndan'i Jerosalema fahiny dia misy toerana masina

goavana be iray naorina, hahatongavan'i Mohameta izany. Ary toerana masina kely bitika eto ambany eto, ho an'i Jesosy izany. Jereo, hoy izy ireo hoe, "Tsy nohomboana Jesosy, nikorontana tanteraka izy ireo eo amin'izany." Hoy izy ireo, "Nitaingina soavaly iray Izy ary lasa nandeha." Hitanareo? Ankehitriny, izy ireo—mino an'izany izy ireo.

234 Manana teboka mena izy ireo eo anelanelan'ny masony. Ireo olona eo izay mandeha any Inde, hahamarika an'izany ianareo. Oadray, hitsangana any aman'arivony izy ireo.

235 Ary avy eo dia nilaza i Dokotera Reidhead fa nitsangana tany izy, ary hoy izy hoe, "Ankehitriny, nahoana ianao no tsy mahafoy an'io mpaminany antitra maty io ka mandray Anankiray Izay nitsangana tamin'ny maty, Kristy velona iray?" Ankehitriny, manam-pahaizana izy ary fantany hoe ahoana no ametrahana an'ireo teniny.

236 Nilaza izy fa nijery azy ilay Mohametana, (lehilahy manantsaina, nianatra, eto Amerika mihitsy, nampianarina teto) hoy izy hoe, "Tompoko, tompoko tsara, inona no azon'i Jesosinao nitsangana tamin'ny maty atao ho ahy mihoatra noho ny nataon'ny mpaminaniko maty?" Hoy izy, "Ny mpaminaniko maty dia nampanantena ahy Fiainana aorian'ny fahafatesana. Izany no nataon'i Jesosinao." Eny, nanana zavatra izy. Hoy izy, "Ankehitriny, izy roa ireo dia samy nanoratra boky iray. Ianao mino an'ilay anankiray izay nosoratan'i Jesosy, izaho mino an'ilay anankiray izay nosoratan'i Mohameta. Samy mampanantena Fiainana izy roa." Hoy izy, "Inona no azon'i Jesosinao atao amiko mihoatra noho ny ahy—ny azon'i Mohametako?" Eny, ilay lehilahy, amin'ny zava-misy tsotra, dia izany no fahamarinana. Hoy izy hoe, "Fa vetivety fotsiny, tompoko tsara." Hoy izy hoe, "Ny Mohametako dia tsy nampanantena ahy zavatra tahaka ny nataon'i Jesosinao mihitsy. Jesosinao dia nampanantena. . .Hoy izy ireo hoe, 'Nitsangana Izy,' ary homba anareo mandrakariva, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao; ary ireo famantarana sy fahagagana iray ihany izay nataony, no hataonareo koa, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy. Hanasitrana ny marary ianareo, sy hanangana ny maty, sy hanadio ny boka, ary handroaka devoly." Hoy izy, "Nianatra ny Kristianisma aho, tsara mihitsy." Hoy izy, "Avelao aho ankehitriny hahita anareo mpampianatra hamokatra Jesosy Kristy, dia hino aho fa nitsangana tamin'ny maty izy. Fa, ankoatr'izany. . .Mohameta dia tsy nampanantena anay zavatra tahaka an'izany mihitsy, nampanantena anay Fiainana aorian'ny fahafatesana fotsiny izy. Ary izany ilay tena zavatra iray ihany izay ampianarinao mihitsy, nefa dinganinao ny hafa." Marina ny an'ilay lehilahy, marina tokoa ny an'ilay Mohametana.

237 Nilaza i Dokotera Reidhead fa nitsangana izy ary nitomany. Hoy izy, "Rahalahy Branham, nieritreritra anao aho." Dia

nandeha haingana nanketo izy, ary niditra teo, ka nametraka ny tànako teo aminy aho, ary tonga teo aminy ny batisan'ny Fanahy Masina. Ary ankehitriny izy dia mahita fahitana sy ny zavatra rehetra. Ankehitriny dia avelao hihaona aminy ilay Mohametana! Lehilahy hafa iray izy!

238 Milaza aho fa nitsangana tamin'ny maty ny Jesosintsika, velona Izy androany. Ary manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony tamin'izany Izy, ireo karazana famantarana sy fahagagana rehetra. Ary mipetraka eo ianareo olona ara-pototra miezaka manazava an'izany, nefa diso an'ilay tena ampahany lehibe an'ny Baiboly. Marina tokoa izany. Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra nitsangana, dia afaka miteny amin'ny fiteny hafa amin'ny alàlanareo, afaka maminany amin'ny alàlanareo Izy, Afaka maneho fahitana amin'ny alàlanareo Izy, afaka mandika fiteny tsy fantatra amin'ny alàlanareo Izy. Ary izany rehetra izany dia Ampahany.

239 Ary maka an'*ity* Ampahany ity ary mamela an'*itsy* Ampahany itsy, dia ho tahaka ny manapaka ahy hisasaka roa ary manaisotra ny valahako sy ny ranjoko ka milaza fa manana ahy ianareo, nefa tsy hahazo an'*ity* ampahany ity ianareo.

240 Na ianareo tsy maintsy mandray ahy feno. . .Ary izany no antony hoe izaho dia mpitory tenin'ny Filazantsara feno izay mino fa ny zavatra rehetra nolazain'Andriamanitra dia ny Fahamarinana. Amena! Voninahitra! Mahatsapa ho tahaka ny holy-roller aho izao ankehitriny izao. Eny, tompoko. Mino an'Izany aho!

**7. Matio 24:29, miresaka mikasika "Ny masoandro efa maizina, ny volana tsy hanome ny hazavany, ary ny kintana hiraraka avy any an-danitra." Hitranga aloha sa aorian'ny Fampakarana ve izany, sa alohan'ny hahatongavan'i Jesosy mihitsy mba h-a- . . .hanjaka eto an-tany?**

241 Araka ny finoako manetry tena, ankehitriny, izaho tsy. . . Tsy fantatro, heveriko fa miresaka mikasika ny Matio 24 izy, eo. Ankehitriny, Jesosy no miresaka mikasika an'ireo kintana sy ny sisa miraraka, mino aho fa alohan'ny hipetrahan'ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe eto an-tany mihitsy izany.

242 Ankehitriny, manana eritreritra iray tena hafahafa aho eto hoe maro aminareo no tsy hifanaraka amiko eo amin'izany, nahoana, mieritreritra aho miaraka amin'ny sasany amin'ireo an'ny andro fahiny izay nandre ny fampianarana fa handalo an'izany isika. Hitanareo, tsy mino aho fa handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe ilay Fiangonana. Mino aho fa ilay Fiangonana dia. . .Jereo, izaho. . .Ny fomba tokana ampianarako ny Testamenta Vaovao dia amin'ny alàlan'ny aloky ny Testamenta Taloha, tahaka ny Fanahy Masina eto mihitsy ho

an'ny andro sabata sy ny sisa. Aloka daholo ny zavatra rehetra tany aoriana tany.

243 Ankehitriny, jereo indray ao amin'ny Testamenta Taloha. Rehefa mahita an'ireo loza niraraka ianareo, tany Egypta izy ireo. Sa tsy izany? Ary namoaka ny Olony ho any amin'ny tany nampanantenaina Andriamanitra. Marina ve izany? Ary tsy nahazo loza anankiray mihitsy ny Isiraely. Tahaka an'ireo loza fotsiny . . . talohan'ny nilatsahan'izany, dia nandeha nankao Gosena izy ireo. Marina ve izany? Ary tsy nihamaizina mihitsy ny masoandro, tsy nisy moka tonga, tsy nisy sahona tany, tsy nisy hao tany, tsy nisy tafio-drivotra tany, tsy nisy tselatra tany, tsy nisy famonoana biby fiompy tany, ary ny zavatra rehetra nananan'izy ireo dia voatahiry tao Gosena. Marina ve izany? Tandindon'ilay Fiangonana mandeha alohan'ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe mihitsy izany. Hoy Jesosy hoe, "Rehefa manomboka miseho ireo zavatra ireo, dia asandrato ny lohanareo, fa akaiky ny fanavotana anareo." Hitanareo?

244 Mino aho fa ny volana sy ny masoandro ary ny kintana . . . Noho izany dia nilaza izy ireo fa . . . Mandrosoa ka vakio Izany, nanao hoe, "Ary nihazakazaka ny olona ka nanafina ny tenany tao anatin'ny . . . ary nianjera teo amin'ireo . . . nikasa hamono ny tenany, fa tsy afaka nanao an'izany, sy ny zavatra rehetra." Mino aho fa hiseho alohan'ny Fahoriambe izany.

245 Ankehitriny, diniho, tonga ny Fahoriambe. Rehefa mamely ny Fahoriambe, dia miakatra ilay Fiangonana. Ankehitriny, tsarovy, ny fiangonana iray tsotra fotsiny tsy manana ny Fanahy Masina no mandalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe. Ny Voafidy irery ihany no afaka.

246 Oh, afaka mikosoka zavatra mafy aho eto, mandritra ny iray minitra fotsiny. Hanome ahy telo minitra amboniny ve ianareo? Inona ilay—no antsoina hoe ilay vahoaka nakarina, ilay sisa nanamborana? Marina ve izany? Eny àry . . . Izaho—ny tiako lazaina dia izany no—ny Ampakarina izany. Ankehitriny, ilay sisa nanamborana dia navela.

247 Ankehitriny, rehefa mandeha manapaka modely ho an'ny zipo ny vehivavy iray, miresaka mikasika an'izany ianareo. Apetrany ireo lamba (marina ve izany?), ireo tapa-damba. Ary apetrany eo ambonin'izany ny modeliny. Manao an'ilay fanamboarana izay tokony hanapahana an'ilay modely izy. Marina ve?

248 Oh rahalahy, tena mahasoa anareo marina tokoa izany! Iza no manao ny fifidianana? Andriamanitra no manao ny fifidianana! Marina ve izany? Tsy izaho no milaza, Izy no milaza. Ary Izy no mametraka an'ilay modely eo ambonin'izay Tiany. Marina ve izany?

249 Ankehitriny, nisy virijiny folo nivoaka hitsena ny Mpampakatra. Marina ve izany?

250 Inona ny "virijiny"? *Virijiny* dia midika hoe "madio, masina." Marina ve izany? Inona ny zazavavy virijiny iray? Izany dia zazavavy iray izay tsy mbola nokasihina mihitsy, virijiny iray izy. Inona no zavatra izay madio, tahaka ny menaka oliva virijiny? Izany dia midika fa voadio izy mandrapahatongany ao amin'ny maha-virijiny azy, madio izy. Inona no atao hoe volamena virijiny? Izany dia rehefa ireo tain-drendrika rehetra . . . nandalo hafanana sy ny zavatra rehetra izy ary nampangotrahana hiala ny tain-drendrika rehetra. Marina ve izany? Ny vy rehetra sy ny pyrite, ary ny zavatra hafa rehetra, dia efa nampangotrahana hiala, ao anatin'ny maha-virijiny azy fotsiny izy.

251 Ankehitriny, nisy folo nandeha nitsena ny Mpampakatra. Jesosy no niteny an'izany. Marina ve izany? Firy no mifanaraka amin'izany, manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Folo no nandeha nitsena Azy. Ankehitriny, diniho, masina izy rehetra ireo. Eny, mba ho *masina* dia tsy maintsy "nohamasinina" izy ireo, satria izany no fanadiovana tokana, ony masina izay ananan'Andriamanitra, dia ny fanamasinana. Marina ve izany?

252 Ankehitriny, diniho. Nohamasinina izy folo rehetra ireo, fa ny dimy tsy nanana Solika tao amin'ny fanilony, ary ny dimy nanana Solika tao amin'ny fanilony. Marina ve izany? Maneho inona ny *Solika*? Ankehitriny, tsy ny fahadiovana, ny mahavirijiny. Ny *Solika* dia maneho ny "Fanahy Masina."

253 Ankehitriny, raha milaza an'ity aho amin'ny . . . ary mandratra kely, tsy fanahy iniako ny manao azy tahaka an'izany. Ankehitriny, mamelà ahy ianareo, ary aza manalavitra ny fiangonana. Eto amin'ny polipitra fotsiny ihany aho mba hiezaka hanampy anareo. Hitanareo? Ankehitriny, jereo, mamelà ahy haneho aminareo.

254 Tsy misy fiangonana eto an-tany afaka hiaina madio kokoa noho ny Nazareana ao amin'ny fampianaran'izy ireo, Mpivahinin'ny Fahamasinana sy izy ireo. Marina ve izany? Mino tanteraka ny fahadiovan'ny fanamasinana izy ireo, tsy . . . na dia ho amin'ireo vehivaviny manao peratra aza, na inona na inona. Fahadiovana sy fanamasinana, amin'ny lafiny rehetra, mino an'izany izy ireo. Ireo rafi-pandaminan'ny Fahamasinana, ireo mpanaraka lalàna rehetra, izany no fampianaran'izy ireo, mino an'izany izy ireo. Masina! Manao volo lava sy zipo lava ireo vehivavy. Tsy natao hamoritra ny tànan'akanjony akory aza ireo lehilahy, maro amin'izy ireo. Ny zavatra rehetra, tsy mikasika akory aza . . . mifoka, misotro, ny iray . . . Na inona na inona amin'izany, hitanareo. Masina! Tsy afaka miaina madio kokoa ianareo.

255 Fa io fiangonana Nazareana io ihany, raha niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ao amin'ny fiangonana ny olona iray, dia ho

voaroaka any ivelan'ny varavarana izy. Ary nilaza izy ireo fa tsy hipetraka hiaraka amin'ny anankiray akory aza. Ankehitriny, marina izany. Raha tsy mino an'izany ianareo, dia andramo indray mandeha izany, jereo. Jereo indray mandeha. Halany ireo tena eritreritra ny amin'izany. Hoy izy ireo hoe, "Ny devoly izany!"

256 Dimy tamin'izy ireo. . . Virijiny ny folo tamin'izy ireo. Ny dimy dia hendry izay nanana Solika tao anatin'ny fanilony, ary ireo dimy hafa dia madio sy masina mihitsy saingy tsy nanana Solika izy ireo (nohamasinina izy ireo, tsy nanana ny Fanahy Masina).

257 "Misy telo izay manambara eto an-tany: ny rano, ny rà, ny Fanahy." Masindahy Jaona 5:7. . . Jaona Voalohany 5:7, raha ny marina, nanao hoe "Misy telo izay manambara any An-danitra: Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, izy telo ireo dia Iray. Fa misy telo izay manambara eto an-tany: rano, rà, ary Fanahy, tsy iray izy ireo fa mifanaraka toy ny iray."

258 Ankehitriny, tsy afaka manana ny Ray ianareo raha tsy manana ny Zanaka. Tsy afaka manana ny Fanahy Masina ianareo raha tsy manana ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Iray izy ireo. Ianareo. . . Tsy azo sarahina izy ireo.

259 Saingy afaka ho nohamarinina ianareo nefa tsy nohamasinina. Ary afaka ho nohamasinina ianareo nefa tsy manana ny Fanahy Masina; madio, miaina fiainana madio, ary manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Herin'ny fanasitranana sy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ary ireo fanomezam-pahasoavana lehibe avy amin'Andriamanitra (ary ny tsirairay amin'izy ireo Ao).

260 Io ireo virijininareo dimy hendry izay nanana Solika tao anatin'ny fanilony, Finoan'ny fampakarana, mino an'ireo famantarana rehetra, fahagagana, faminaniana, ary ny zavatra rehetra. Ary ireo dimy izay notapahina avy tamin'ilay sisa nanamborana dia nesorina.

261 Ary ny sisa tamin'izy ireo dia mbola virijiny foana ary tsy ho very, saingy handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe. Hoy Jesosy hoe "Hisy. . . "

262 Ary hoy izy ireo—hoy izy ireo hoe, "Omeo sasany amin'ny Solikareo izahay, mila ny Fanahy Masina izahay ankehitriny."

263 Ankehitriny, ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny Fanahy Masina, Zakaria 4, ary, oh, Jakoba 5:14, ny rehetra dia mahafantatra fa—fa maneho ny Fanahy Masina izany. Ankehitriny, hoy izy ireo. . . Izany no antony anosorantsika diloilo, maneho ny Fanahy Masina; ankehitriny, "Ny Diloilon'ny Fanahy," hoy ny Baiboly.

264 Ankehitriny, *ireto* dia nanana ny Fanahy Masina; ary *ireto* dia nohamasinina. *Ireto* dia nohamasinina *miampy* ny Fanahy

Masina, nino ny trangan-javatra rehetra sy ny zavatra rehetra avy amin'ny Herin'Andriamanitra. Ny zavatra rehetra izay notenenin'Andriamanitra Eto, dia nanana an'izany izy ireo, nino an'izany. Ireto dia nakarina.

265 Ary *ireto* dia nanao hoe, "Omeo izahay, ho anay, ankehitriny."

266 Hoy izy ireo, "Izay ampy hidirana fotsiny no anananay," ary nandeha nankao amin'ny Fampakarana izy ireo.

267 Ary hoy izy ireo hoe, "Mandehana mividy any amin'izay mivarotra aminareo," hoy izy ireo. Ary nandeha izy ireo mba hiezaka hivavaka mandritr'izany fotoana izany, mba handray ny Fanahy Masina, saingy efa tapitra ny fizaram-potoan'ny Jentilisa ary nipoitra ny fanenjehana. Ary hoy Izy hoe, "Natsipy tany ivelany tao amin'ny aizina izy ireo izay hisy ny fitomaniana sy ny fidradradradrana ary ny fikitroha-nify." Fa amin'ny fitsanganana faharoa dia ho ondry sarahina amin'ny osy izy ireo, fa tsy ny Ampakarina mihitsy, tsy ilay Voafidy mihitsy. Izany ilay sisa nanamborana avy amin'ny Taranaky ny vehivavy.

268 Inona ny sisa nanamborana iray? Ny singany izay notapahina, navela. Ilay karazan-damba iray ihany. Marina ve izany? Mandeha mandidy akanjo iray avy amin'ny calico ianareo, ary mamelatra ny ampahana calico goavana be iray ary mandidy azy. Asanareo ny hoe aiza no ametrahanareo an'ilay modely. Asan'Andriamanitra ny hoe aiza no Ametrahany an'ilay modely. Mandidy azy avy hatrany Izy. Marina ve izany? Ary ankehitriny ity, ny sisa amin'ity calico navela eto ity, dia calico tsara iray mihitsy ao amin'ilay akanjo. Marina ve izany? Fa ilay izy dia fifidianan'Andriamanitra. Andriamanitra no mifidy Ny Fiangonany, Andriamanitra no mifidy mialoha Ny Fiangonany; Andriamanitra no nanendry mialoha an'izany, manendry mialoha Ny Fiangonany, ary Izy no manaisotra an'io Fiangonana io! Ary ilay sisa nanamborana dia navela mba handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe.

269 Ary eo no mikorontana ireo manam-pahaizana momba ny Baiboly maro amin'izao andro izao, mihevitra fa ny Ampakarina dia ao anatin'ny Fahoriambe. Nilaza tamiko ny olona iray, nanao hoe, "Tsy afaka niteny taminao aho, Rahalahy Branham." Hoy izy, "Nahita ny Ampakarina tany An-danitra aho. Ary ilay dragona namoaka rano tamin'ny vavany mba hiady amin'ny Ampakarina. Ary ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, izay ny Ampakarina, dia nitsangana eo amin'ny Tendrombohitra Sinay."

270 Hoy aho hoe, "Oh, tsia. Tsia. Tsia. Tsia. Afangaronao tanteraka ilay izy. Tany An-danitra ny Ampakarina." Ary ilay *sisa nanamborana* avy tamin'ny Taranaky ny vehivavy, fa tsy izy…tsy ilay modely, ilay sisa nanamborana no tany, ary ny fanenjehana (ny Fanjakana Romana) rehefa hitambatra

ny Katolisisma ka hanakambana ny heriny miaraka amin'ilay fiangonana Lehibe izy ireo.

271 Nahoana, manana an'izany mihitsy izy ireo. . . Tao amin'ny televiziona izany indray hariva. Ny fiangonana Metodista dia miezaka manakambana ny Metodista sy Batista ary ireo fiangonan'i Kristy manontolo rehetra miezaka mikambana amin'ny Katolisisma ka mitsangana eo anoloan'ny alitara tsotra tokana. Inona no nolazain'ilay eveka rehefa napetraka teo amin'ny fitsarana izy indray hariva, tany satria Kominista iray? Nitsangana aho, nijery an'izany teo amin'ny televiziona ny tenako. Ireo andian'izy rehetra! Ary rehefa tonga izany fotoana izany, dia hipoitra ny fanenjehana. Avy eo dia hilatsaka ny Fanahy Masina, ary ireo Metodista, sy Batista, ary ny rehetra, dia hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, hidera an'Andriamanitra, sy hanasitrana ny marary ary haminany, ka ho tonga ireo famantarana sy ny fahagagana rehetra. Hiakatra ny Voafidy, ary ilay sisa nanamborana dia ho tavela eto mba handalo ny Vanimpotoan'ny Fahoriambe. Ary amin'ny fiafaran'ny fotoana, rehefa mahita an'izany nitranga izy ireo, dia tsy maintsy handeha ao amin'ny fanaovana maritiora izy ireo.

272 Noho izany dia jereo. Hoy ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, Rahalahy Branham, ny tianao tenenina amiko ve dia hoe hisy . . . ireo—ireo no olona izay ho eo amin'ny Seza fiandrianana Fotsin'ny Fitsarana?" Izy ireo dia . . . Tsy hotsaraina mihitsy ny Ampakarina. Tsia, tompoko. Ao amin'i Kristy Izy. Ahoana no hidiranareo ao amin'i Kristy? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray." Marina ve izany?

273 Ankehitriny, jereo, jereo eto. Hoy ny Baiboly hoe, "Efa nipetraka ny fitsarana, ary nosokafana ireo Boky." Marina ve izany? Bokin'ireo mpanota. "Ary nosokafana ny Boky iray hafa," dia ny Bokin'ny Fiainana, ary ny olona tsirairay dia notsaraina arak'izany. Marina ve izany? Ary iza no nanao ny fitsarana? Jesosy sy ireo Olo-masina. Hoy izy hoe, "Tonga Izy mba hanompo, Izay Ny Fahagolantsika, ny Volony dia tahaka ny volon'ondry." Ary hoy izy, "Alinalina no tonga miaraka Aminy, ary manompo Azy ao amin'ny Fitsarana." Eto Jesosy dia miverina amin'ny maha-Mpanjaka sy Mpanjakavavy, tapitra ny Fampakaram-bady, ary manambady Izy. Indro ny Mpanjaka sy ny Mpanjakavavy mitsangana eto. Ary mitsangana eo io andiana nohamasinina io, hoy Andriamanitra hoe, "Mitsangàna eto amin'ny Ankavanako eto." Izany ilay Boky izay nosokafana, dia ireo mpanota, "Mankanesa eto Ankaviako." Indro ireo izay nanana ny anarany voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry.

274 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, voasoratra ao ny anarako, handeha aho!" Andraso iray minitra! Nohamasinina

i Jodasy Iskariota. Fioo! Rahalahy, mifohaza ankehitriny, manongò, mba ahafahanareo hahazo an'Ity, hitanareo.

275 Jodasy Iskariota, ny fanahiny no antikristy amin'izao andro izao. Fantatrareo izany. Jesosy no Zanak'Andriamanitra, avy tamin'Andriamanitra ary niverina nankany amin'Andriamanitra; Jodasy dia zanaky ny fahaverezana, nivoaka avy tany amin'ny helo ary niverina nankany amin'ny helo. Nentin'i Jesosy niaraka Taminy ilay mpanota nibebaka; nentin'i Jodasy niaraka taminy ilay tsy nibebaka, "*Raha* ianao no! Raha! Raha! Raha ianao no mpanasitrana avy amin'Andriamanitra, dia ataovy *ity*, Raha ianao no *Ity*, dia ataovy *ity*." (Hitanareo, ilay baraingo eo amin'ny Tenin'Andriamanitra.) "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Raha izany no izy, dia asehoy ahy *ity*. Raha! Raha! Raha!" Hitanareo?

"Marina daholo izany," hoy Andriamanitra.

276 Diniho ankehitriny. Nohamarinina tamin'ny finoana i Jodasy Iskariota, ary nino an'i Jesosy Kristy Tompo ka natao batisa. Hoy ny Baiboly hoe, "Jesosy—Jesosy dia nanao batisa ny mpianatra, ireo Mpianany." Eny àry.

277 Masindahy Jaona 17:17, talohan'ny Nahafahany naniraka azy ireo, dia hoy Izy hoe, "Amasino izy ireo, Ray, amin'ny Fahamarinana. Ny Teninao no Fahamarinana." Ary Izy no Teny, talohan'ny nanaovana an'ilay fanaovam-panavotana mihitsy aza. Amin'ny teny hafa, "Ho fahitana mialoha iray, Ray, ny amin'Ny Ràko nalatsaka, dia manamasina azy ireo Aho."

278 Nomeny hery hanohitra an'ireo fanahy maloto izy ireo, ary nandeha ka nandroaka devoly. Marina ve izany? Ary nanasitrana ny marary izy ireo. Marina ve izany? Dia niverina izy ireo, nohamasinina, nifaly, nitsambikina, nihiakiaka, ary nidera an'Andriamanitra. Marina ve izany? Ary hoy izy ireo, "Na ny devoly aza dia manaiky anay."

279 Dia hoy Jesosy hoe, "Aza mifaly satria manaiky anareo ny devoly, fa mifalia satria voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Lanitra ny anaranareo." Marina ve izany? Ary Jodasy Iskariota dia niaraka tamin'izy ireo, isan'izy ireo, nantsoina hivoaka, nohamasinina, ary ny anarany dia voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry. Vakio ny Matio 10 ka jereo raha tsy marina izany. Izy no niantso ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ary i Jodasy sy ny tsirairay avy tamin'izy ireo, tany mihitsy. Izy no naniraka azy ireo, nanome hery azy ireo hanohitra an'ireo fanahy maloto.

280 Diniho ankehitriny! Anaovy ny palitao aro-pifandonananareo. Fa rehefa tonga teo amin'io fiangonana tany io mihitsy i Jodasy, amin'ny maha-mpitahiry volan'ny fiangonana, miara-miasa amin'ilay pasitera, ny. . .Jesosy. Fa rehefa tonga ny Pentekosta, dia nasehony ny lokony. Nasehony ny naha-izy

azy. Ary miaraka—miaraka amin'ny fahamendrehana betsaka mikasika azy, nandrava ny tenany izy ka nanantona ny tenany teo ambonin'ny hazo sykomora, mba hahatanteraka ny faminaniana. Ary io fanahin'i Jodasy io dia hiakatra avy hatrany ka hino an'i Jesosy Kristy Tompo. Tahaka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Ny devoly dia mino ary mangovitra." Ho avy avy hatrany izy ka hampianatra ny fanamasinana, fiainana masina madio arak'izay maha-izy azy mihitsy; fa rehefa tonga eo amin'ny batisan'ny Fanahy Masina sy ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ilay izy, dia handà an'Izany izy! Haneho ny lokony foana izy. Io ilay fanahy mi- . . .

281 Ary hoy Jesosy hoe, "Mitandrema!" Matio 24, indray. "Tena hifanakaiky ireo fanahy roa ka hamitaka an'ilay tena Voafidy izany . . . " Marina ve izany? Eo amin'izay ipetrahan'ilay modely . . . Rahalahy, tsaratsara kokoa ny mino an'ireo mpitory teny amin'ny fanao fahiny, an'ny Fanahy Masina eto ary mahitsy amin'Andriamanitra. Marina izany. Aza manana endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra nefa mandà ny Heriny. Amena! Mahatsapa ho tsara ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

Rehefa tonga any An-danitra isika rehetra,
Ho androm-pifaliana iray toy ny inona izany!
Rehefa mahita an'i Jesosy isika rehetra,
Hihira sy hikiakiaka fandresena isika.

Rehefa tonga any An-danitra isika rehetra,
Ho androm-pifaliana iray toy ny inona izany!
Rehefa mahita an'i Jesosy isika rehetra,
Hihira sy hikiakiaka fandresena isika.

282 Haleloia! Ndao isika hitsangana vetivety fotsiny. Firy no tia Azy amin'ny fonareo rehetra? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Deraina ny Tompo." [Mamerina aoriandRahalahy Branham ny fiangonana—Mpand.] "Tompo, mino ny Filazantsara feno aho. Ampio aho mba ho Mpanomponao." Haleloia! Haleloia! Tianareo ve Izy? ["Amena."] Ao amin'ny Baiboly izy ireo . . .

283 Nilaza tamiko ny vehivavy iray indray . . . zazalahy iray, mety mihaino izy izao hariva izao, mipetraka eo ampitan'ny làlambe mihitsy izy. Tonga teo izy. Ary Ranabavy Lula izay tonga teto am-piangonana teto taloha, dia nihiakiaka tery aoriana tery. Nitory teny aho, Rahalahy Neville. Ary nilaza tamiko io zazalahy io . . . Ankehitriny, mpampianatra sekoly Alahady iray izy teto tao amin'ny fiangonana First Baptist. Hoy izy hoe, "Billy, nankasitraka ny toriteninao aho mandra-panombok'ilay vehivavy niantsoantso sy nihorakoraka hoe, 'Misaotra Anao, Jesosy! Deraina ny Tompo!' Ary matetitetika" hoy izy "dia nisy lehilahy iray nanao hoe," (Rahalahy Seward) "nihorakoraka hoe, 'Deraina ny Tompo! Amena!'" Ary nitory

mikasika ny *Mahavery Ny Fizokianareo* aho, nivarotra ny Fizokiany i Esao. Ary nanohy aho, ary nihiakiaka fotsiny izy ireo, nanohy. Ary hoy izy, "Ooooh," hoy izy, "izany—nanao ahy hangatsiaka tao amin'ny lamosiko mihitsy izany." Hoy izy, "Tsy afaka mahatanty an'izany aho!"

284 Hoy aho hoe, "Rahalahy, raha mba ho tonga any An-danitra ianao dia ho faty mivaingana." Hoy aho hoe, "Azo antoka fa misy hiakiaka any An-danitra, andro aman'alina." Ary marina izany, rahalahy. Oh, eny, tompoko!

Oh, te-hahita Azy aho, hibanjina ny Tavany,
Hihira mandrakizay ny Fahasoavany mamonjy eo;
Avelao aho hanandratra ny feoko eo amin'ireo làlamben'ny Voninahitra;
Lasa ireo ahiahy rehetra, ato an-trano ihany amin'ny farany, mba hifaly mandrakariva.

Oh, te-hahita Azy aho, hibanjina ny Tavany,
Hihira mandrakizay ny Fahasoavany mamonjy eo;
Avelao aho hanandratra ny feoko eo amin'ireo làlamben'ny Voninahitra;
Lasa ireo ahiahy rehetra, ato an-trano ihany amin'ny farany, mba hifaly mandrakariva.

285 Amena! Eny àry, Rahalahy Neville. Andriamanitra hitahy ianao. Mitsangàna eo avy hatrany ary anao izao, hitanao.

53-0729 Fanontaniana Sy Valiny Mikasika Ny Genesisy
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings

P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.

www.branham.org